(décret n° 92-892 du 2 octobre 1992)

Election présidentielle du / / 92.

Photo

d'identité

M.....

né (e) le à

N° pièce d'identité

est autorisé (e) à exercer la fonction de (1)

délivrée le / / 92

à

(cachet et signature de pour le compte (2)
l'Autorité de délivrance)

(1) Indiquer la fonction selon le cas.

(2) Préciser l'autorité ou l'organisme que l'intéressé représente.

Dimensions : 120 mm sur 90 mm.

(3) Couleur bleue.

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-893

mametra ny modelin' ireo singan-taratasy sasantsoasanay hofor-nin' izay rehetra mpilatsaka hofidina amin' ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Gouvernementa

Araka ny Lalampanorenana,

Araka ny hitsivolana leharana faha-90-001 tamin' ny 9 marta 1991 anaovana ny setam-pitondrana antakobe ny entoko na fikambanana politika;

Araka ny hitsivolana leharana faha-92-018 tamin' ny 8 loter 1992 mikasika ny El-sarana Avo mombe ny Lalampanorenana,

Araka ny hitsivolana leharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Islam-pifidianana,

Araka ny hitsivolana leharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika faha-III,

Araka ny didim-panjakana leharana faha-91-432 tamin' ny 8 éogositra 1992 enendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Gouvernementa,

Araka ny didim-panjakana leharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Gouvernementa, novèn' ny didim-panjakana leharana faha-91-614 tamin' ny 19 desambra 1991 sy ny didim-panjakana leharana faha-92-369 tamin' ny 18 marta 1992.

Eo em-pivoran' ny Gouvernementa,

Dia mamoaka izao didy izao :

Andininny voalohany. — Ho fampiharana ireo fepetra voalazan' ny andininny faha-14 entin' ny hitsivolana leharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika, dia izao didim-panjakana izao no mamerata ao amin' ireo tovana I, II, III ary IV ny modelin' ireto singan-taratasy manaraka ireto, izay takiana amin' izay rehetra mpilatsaka hofidina amin' ny fifidianana ny filohan' ny Repoblika.

Tovana I. — Fanambarana ny filatsahan-kofidina atao 'sosony telo';

Tovana II. — Fanambarana tsy misy fitaka mikasika ireo hetra sy haba isan-karazany izay voadidy tsy maintsy efaina tanatin' ny efataona farany;

Tovana III. — Fanambarana tsy misy fitaka manome ny fitanisana amin' ny antispiriany ireo fanana-mipetraka sy ny zombabidin' ireo fanana-manaraka ananan' ny mpilatsaka hofidina ary koa ny karazan' ny vola miditra aminy.

Tovana IV. — Fanambarana tsy misy fitaka atao an-tsoratra milaza fa manaja ireo fepetra rehetra voalazan' ny Lalampanorenan' ny Repoblika faha-III.

And. 2. — Ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitantanambola ary ny Minisitry ny Tetibola sy ny Tetipivoarana no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao.

And. 3. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 desambra 1962, mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny Lalana iraisam-pirenен-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy 'hatrany izao didim-panjakana izao raha vao mahafantatra-tsara izany ny besinimaro amin' ny alalan' ny famoahana azy ao amin' ny Fampielezam-peo sy ao

Natao tao Antananarivo, ny 2 oktobre 1992

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra
sady Lehiben' ny Gouvernementa:

*Ny Minisitry ny Atitany,
Kolonely Charles Sylvain
RABOTOARISON*

*Ny Minisitry ny Fitantanam-bola,
Evaristé MARSON*

*Ny Minisitry ny Tetibola
sy ny Tetipivoarana,
Gérard RABEVOHITRA*

TÖVANA I

Fanambarana ny filatsahan-kofidina

Izaho izay manao sonia eto ambany,	
Anarana
Fanampin' anarana
Teraka tamin' ny tao
Zanik' sy
Anton draharaha
Monina ao (1)
ary manondro toeram-pivantanana-draharaha ao (2):

Mpifidy voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidin' ny Ekokontany ao:

Firaisampokontanin':

Faritanin':

Tompon' ny kara-pifidianana laharana faha-:
nomena tamin' ny:
Tompon' ny kara-panondrom-pirenena laharana faha-:
nomen' ny tamin' ny

Dia manambara fa manolotra ny filatsahako hofidina⁶ amin' ny
fifidianana⁷ ny filohan' ny Repoblika izay atao ny

Ampiarahiko amin' izao fanambarana izao ny modelin' ny
taratasin-datsabato misy ny mari-panavahana
na ny famantarana izay miloko
araka ny voalazan' ny andininy faha-12 entin' ny hitsivolana faha-
92-042 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika.

A ny

(*Sonia voamarina tao anatrehan' ny lalana*) (3)



TOVANA II

Fanambarana tsy misy fitaka

Rehefa tena fantatro tsara ireo fepetra voalazan' ny andininy
faha-13 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2
oktobra 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika

Dia manambara marina ankarihary aho fa voaloako avokoa ny
hetra sy ny tambin-ketra rehetra isan-karazany, izay voadidy tsy
maintsy efaina tanatin' ny efa-taona farany, ka ny fitakiana izany
dia tsy miankina amin' ny fahefan' ny sampan-draharaha izay
nanome ahy ilay taratasy fanamarinan-ketra.

Natao tao ny ..
(sonia)

TOVANA III
Fanambarana tsy misy fitaka

Rehefa tena azoko tsara mihitsy ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-13 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 mikasika ny fifidianana nì Filohan' ny Repoblika.

Dia manambara marina ankarahary aho :

1. Fa tompon' ireto fanana-mipetraka ireto izay tanisaina amin' ny antsipiriany toy izao manaraka izao :

	Karazany
	Toerana misy azy ara-geografia (1)
	Laharana entin' ny titra nanorataña azy tamin' ny Bokim-panjakana na ny Kadasitra (4)
	Anaran' ny tany
	Vaninandro nahazoana ny tany
	Fomba nahazoana azy (5)
	Velarany
	Tombam-bidiny
	Filazalazana

2. Fa' ananako ihany koa ireto fanana-manaraka manam-bidy ireto izay tanisaina amin' ny antsipiriany toy izao manaraka izao

	Karazan' ny fanana-manaraka (6)
	Isany
	Fitambaran' ny tombam-bidiny
	Vidiny araka izay voasoratra
	Vidiny amoahana azy tamin' ny (7)
	Foiben-toeran' ny tranon' asa izay namoaka ny fanana-manaraka manam-bidy
	Andraikitra sahanin' ny mpilatsaka ho fidina ao amin' io tranon' asa voalazaio (8)
	Filazalazana

(1) Tondroy mazava ny Fokontany, ny Firaitsampokontany, Fivondronampokontany, ny Faritany ary raha mmissy izany, dia ny nomeraon' ny fôlana na ny trano (*numéro de la rue ou du lot de la maison*)

(2) Anaran'i ny olona na fikambanana mizaka ny zo aman' andraikiny izay tondroin' ny mpilatsa-a ho fidina ho toeram-pivantanana' ny raharahanay, miaraka amin' ny fanondroana mazava ny adresiny

(3) Ataoni ny filohan' ny Delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany

(4) Raha tsy titra ny fananan-tany, dia fao mazava manareka ny leharana na nomerao entiny, ary ataoovy anaty braketra izany.

(5) Novidina bolovaina tolotra fananana entina amin' ny fanambadiana, tolo-tany avy amin' ny Fanjakana sns

(6) Petra bola, fanefana taratasy fandraisam bola anjara raisina amin' ny Fikambiana sns

(7) Anaran'i ny antokon-draharaha na anarana entin' ny sosaiety izay namoaka ny taratasy fanova vola.

(8) Filohy mpitintana tafe mpiandraikitra mpikambana tsotra sns

Manambara tsy misy fitaka aho fa izao, avy ny vola tena miditra amiko :

Karazany

Fitambarany tamin
ny taona lasa
farany teo

- Vola miditra, avy any ivelany
- Vola miditra avy amin' ny hofan-tany
- Hofan-tany fambolena
- Hofan' ny fanana-mipetraka
- Zana-bolâ avy amin' ny vola. ampisam-borina
- Zana-bola amin' ny Banky
- Tombom-barotra azo avy amin' ny tao-zava-baventy
- Tombom-barotra azo avy amin' ny varotra
- Tambin-karama amin' ny maha-mpitondra sosaiety
- Vola avy amin' ny fanana-manareka
- Vola raisina mandra-pahafaty ihany
- Vola raisina mandrakizay
- Vatan-karama
- Karama mbamin' ny tambiny
- Karama
- Vola fiahiana ny kilema
- Vola fisstroan-dronono
- Vola fiahiana ny miaramila
- Vola miditra hafa
- Fanambarana nataò roa mitovy tao, ny

(Sonia)

TOVANA IV
Fanambarana tsy misy fitaka

Rehefa nazava tamiko tsara mihitsy ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-13 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika.

Dia manambara marina ankarihary aho fa hanaja ireo fepetra rehetra voalaza ao amin' ny Lalampanorenan' ny Repoblika faha-III.

Natao tao , ny
(Sonia)

DECRET N° 92-893

fixant le modèle de certaines pièces à fournir par tout candidat aux élections présidentielles

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu l'ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu l'ordonnance n° 92-041 du 2 octobre 1992 portant Code Electoral,

Vu l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relative à l'élection ou du Président de la III^e République,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

En conseil de Gouvernement,

Décrète :

Article premier. — Par application des dispositions de l'article 14 de l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relative à l'élection du Président de la République, le présent décret fixe aux annexes I, II, III et IV les modèles des pièces suivantes exigées de tout candidat aux élections présidentielles :

Annexe I. — Déclaration de candidature à établir en triple exemplaire;

Annexe II. — Déclaration sur l'honneur relative aux impôts et taxes divers des quatre précédentes années;

Annexe III. — Déclaration sur l'honneur sur la composition exhaustive des biens immeubles et des valeurs mobilières du candidat ainsi que sur la nature de ses revenus;

Annexe IV. — Déclaration manuscrite sur l'honneur de respecter toutes les dispositions de la Constitution de la III^e République.

Art. 2. — Le Ministre de l'Intérieur, le Ministre des Finances et le Ministre du Budget et du Plan sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret.

Art. 3. — En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales du droit interne et du droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée, télévisée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 2 octobre 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement :

Le Ministre de l'Intérieur,
Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

Le Ministre des Finances,
Evariste MARSON.

Le Ministre du Budget et du Plan,
Gérard RABEVOHITRA.

ANNEXE I
Déclaration de candidature

Je soussigné,

Nom :

Prénoms :

Né (e) le : à

Fils de et de

Profession :

Domicile (e) à (1)

Faisant élection de domicile à (2)

Électeur inscrit sur la liste électorale du Fokontany

Firisampokontany d.....

Faritany d.....

Titulaire de la carte n°
délivrée le

Titulaire de la carte électorale n°
délivrée le par

Titulaire de la carte d'identité nationale n°

Déclare déposer ma candidature à l'élection du Président de la République qui aura lieu le

Je joins à la présente un modèle du bulletin de vote portant l'emblème ou le signe

de couleur.....conformément à l'article 12 de
l'ordonnance n° 92-042 relative à l'élection du Président de la
République.

A.....le

(Signature légalisée) (3)

●
ANNEXE II

Déclaration sur l'honneur

Après avoir parfaitement pris connaissance des dispositions de
l'article 13 de l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relative à
l'élection du Président de la République.

— Je déclare solennellement sur l'honneur que je me suis acquitté
de tous les impôts et taxes exigibles de toute nature des quatre
années précédentes et dont la perception ne relève pas de la
compétence du service qui m'a délivré le certificat fiscal.

Fait à le

(Signature)

ANNEXE III
Déclaration sur l'honneur

Après avoir parfaitement pris connaissance des dispositions de l'article 13 de l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relative à l'élection du Président de la République.

Je déclare solennellement sur l'honneur :

- 1. Que je suis propriétaire des biens immeubles dont la liste exhaustive est la suivante :

Nature
Situation géographique (1):
Numéro du titre d'immatriculation ou du cadastre (4)
Nom de la propriété
Date d'acquisition
Mode d'acquisition (5)
Superficie
Valeur estimative
Observations

2. Que je possède également les valeurs mobilières dont la composition exhaustive est la suivante :

Nature de la valeur (6)
Nombre
Total de la valeur
Valeur nominale
Valeur émise par (7)
Siège de l'établissement qui a émis la valeur
Qualité de candidat au sein dudit établissement (8)
Observations

(1) Préciser le Fokontany, Firaisampokontamy, Fivondronampoka kontany, et le cas échéant, le numéro de la rue ou du lot de la maison.

- (2) Nom de la personne morale ou physique chez laquelle le candidat élit domicile avec indication très précise de l'adresse.
- (3) Par le président de la Délegation spéciale du Fivondronampokontany.
- (4) S'il s'agit d'un titre cadastral, le préciser entre parenthèses après le numéro.
- (5) Achat, héritage, donation, dot de mariage, concession par l'Etat, etc..
- (6) Action, obligation, bon de caisse, part sociale, etc..
- (7) Nom de l'organisme ou raison sociale de la société qui a émis la valeur.
- (8) Président, administrateur, directeur, gérant, simple associé, etc..

Je déclare sur l'honneur que mes revenus sont essentiellement constitués de :

Nature	Montant de la dernière année
— Revenu en provenance de l'étranger
— Revenu de fermage
— Loyer de terrain
— Loyer de cultute
— Loyer d'immeubles
— Intérêt de prêt
— Intérêt bancaire
— Bénéfice industriel
— Bénéfice commercial
— Indemnité d'administrateur de société
— Revenu des valeurs mobilières
— Rente viagère
— Rente perpétuelle
— Salaire
— Soldé
— Traitement
— Pension d'invalidité
— Pension de retraite
— Pension militaire
— Autres revenus

Déclaration faite en triple exemplaire à le

Signature,

ANNEXE IV

Déclaration sur l'honneur

Après avoir parfaitement pris connaissance des dispositions de l'article 1^{er} de l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relatif à l'élection du President de la République.

Je déclare soiennellement sur l'honneur respecter toutes les dispositions de la Constitution de la III^e République.

Fait à le

(Signature)

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-92-894
anaikàna ny mpifidy handatsa-bato amin' ny fifidianana
ny Filohan' ny Repoblika

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta.

. Araka ny Lalampanorenana.

Araka ny hitsivolana laharana faha-90-001 tamin' ny 9 marsa 1990 anaovana ny satiam pitondrana ankapobe ny antoko na fikambanana politika

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Filsarana Avo momba ny Lalampanorenana.

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana.

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika faha-III.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-432 tamin' ny 8 aogositra 1991 anendrena ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-549 tamin' ny 13 novambra 1991 anendrena ireo mambra ao amin' ny Governemanta, novàn' ny didim-panjakana laharana faha-91-614 tamin' ny 19 desàmbra 1991 sy ny didim-panjakana laharana faha-92-369 tamin' ny 18 marsa 1992.

Rehefa nanome ny heviny araka ny laharana faha-1-HCC AV tamin' ny 2 oktobra 1992 nàtaon' ny Filsarana Avo momba ny Lalampanorenana.

Eo am-pivoran' ny Governemanta.

Dia mamoaka izao didy izao:

Andininy voalohany. — Antsoina ny mpifidy handatsa-bato ny alarobia 25 novambra 1992 manomboka amin' ny (7) fito ora maraina mba hifidy ny Filohan' ny Repoblika eo amin' ny fihodinana voalohany.

And. 2. — Manerana ny tanim-pirenena dia hifarana amin' io andro io ihany-ny fifidianana ka amin' ny enina (6) ora hariva raha tratra aoriana indrinndra, tsy ho dikaina amin' izany. anefa ireo fepetra voalazan' ny pàragrafy faha-3 ao amin' ny andininy faha-30 entin' ny. Lalàm-pifidianana.

And. 3. — Raha hita fa ilaina ny hanombohana ny latsabato alohan' ny ora voatondron' ny andininy voalohany etsy ambony, dia azon' ny filohan' ny Delegasiona manokana any amin' ny Faritany atao ny mandroso izany manomboka amin' ny enina (6) ora maraina.

And. 4. — Misy fanavaozana manokana ny lisitry ny mpifidy hatao manomboka ny 4 oktobra 1992 araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-24 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana.

Ireo raharaha momba ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy voalaza ireo dia hifarana ny zoma 20 novambra 1992 amin' ny fito (7) ora' maraina.

And. 5. — Ny Minisitry ny Atitany no miadidy ny fanatanterahanana izao didim-panjakana izao izay, noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenен-tsamihafa amin' ny fifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, manan-kery avy hatrany raha vao ampahafantarina ny besinimaro amin' ny alàlan' ny famoahana azy ao amin' ny Fampielezam-peo sy ao amin' ny Televiziona ary amin' ny alàlan' ny fanaovana azy peta-drindrina, ankoatra ny famoahana azy amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao antananarivo, ny 2 oktobra 1992

Guy Willy RAZANAMASY.

'Avy amin' ny Praiminisitra sady
Lehiben' ny Governemanta :

Ny Minisitry ny Atitany,
Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON

DECRET N° 92-894

portant convocation des électeurs pour l'élection du Président de la République.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu l'ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques,

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu l'ordonnance n° 92-041 du 2 octobre 1992 portant Code Electoral,

Vu l'ordonnance n° 92-042 du 2 octobre 1992 relative à l'élection du Président de la III^e République,

Vu le décret n° 91-432 du 8 août 1991 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 91-549 du 13 novembre 1991 portant nomination des membres du Gouvernement, modifié par le décret n° 91-614 du 19 décembre 1991 et le décret n° 92-369 du 18 mars 1992,

Vu l'avis n° 001-HCC/AV du 2 octobre 1992 de la Haute Cour Constitutionnelle.

En conseil de Gouvernement,

Décrète :

Article premier. — Les électeurs sont convoqués aux urnes, le mercredi 25 novembre 1992 à partir de sept heures, à l'effet d'élire au premier tour, le Président de la République.

Art. 2. — Le scrutin sera clos sur l'ensemble du territoire national le même jour à 18 heures au plus tard sous réserve des dispositions du paragraphe 3 de l'article 30 du Code électoral.

Art. 3. — Lorsqu'il paraîtra utile d'ouvrir le scrutin avant l'heure fixée par l'article premier ci-dessus, le président de la Délégation spéciale du Faritany, peut l'avancer à partir de 6 heures.

Art. 4. — Il sera procédé à une révision spéciale des listes électorales à partir du 4 octobre 1992 conformément aux dispositions de l'article 24 de l'ordonnance n° 92-041 du 2 octobre 1992 portant Code électoral.

Lesdites opérations seront clôturées le vendredi 20 novembre 1992 à sept heures.

Art. 5. — Le Ministre de l'Intérieur est chargé de l'exécution du présent décret lequel, en raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 6 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, entre immédiatement en vigueur dès qu'il aura reçu une publication par émission radiodiffusée et télévisée ou affichage, indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 2 octobre 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement :

Le Ministre de l'Intérieur,

Colonel Charles Sylvain RABOTTOARISON.

TENIMITA

**MIKASIKA MANOKANA NY FIFIDIANANA
NY FILOHAN' NY REPOBLIKA
NY 25 NOVAMBRA 1992**



IREO TOVANA

- I. — Fanondroana andro anaovana ny raharraham-pifidianana.
 - II. — Rijan-teny fampihatra amin' ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika izay hatao ny 25 novambra 1992 :
- a. Didim-panjakana laharana faha-92-894 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaikana ny mpifidy amin' ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika ;
 - b. Rijan-teny miompana amin' ny ankapoben-javatra (ireo rijan-teny ireo dia naverina nadika manontolo ao anatin' ny bokikely i mitondra ny lohateny hoe : « Firaketana ofisialy ireo didy amam-pitsipika ankapobeny fampihatra amin' ny fifidianana ») ;
 - c. Rijan-teny mikasika manokana ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika (ireo rijan-teny ireo dia naverina nadika manontolo ao anatin' ny bokikely II mitondra ny lohateny hoe : « Rijan-teny mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika i Madagasikara »).

TENIMITA

Fandaharana : Fifidianana.

Vaninandro entiny : 27 oktobra 1992.

Laharana : faha-7971-MI/SGI/DAT/AP/ELECT

Ny nihavany : Minisiteran' ny Atitany

Ny natao hampiasa azy : Ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Faritany sy Fivondronampokontany ary Firisampokontany.

Antony : Fifidianana ny Filohan' ny Repoblika

Izao tenimita izao dia natao indrindra ho an' ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary amin' ny ankapobeny, dia ireo izay rehetra handray anjara amin' ny fandaminana ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika

Azon' ny mpilatsaka hofidina sy ireo mpifidy atao tsara ny mandinika azy ity.

Noho izany no hamoahana azy ity ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

I Izay ho anisan' ny sokajin' ny mpifidy

Latsabato atao ny daholobe mivantana no anaovana ny fidia-nana ny Filohan' ny Repoblika.

Mandeha amin' ny antsasa-manilan' ny isan' ny vato manankery ny fifidianana eo amin' ny fihodinana voalohany. Raha tahiny ka tsy azo izany isa izany, dia eo amin' ny fihodinana faharoa no ifidianana ny Filohan' ny Repoblika ka izay be vato no lany ho Filoha.

Ampahatsiahivina fa amin' ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika, dia mpifidy avokoa tsy misy avakavaka na lahy na vavy, ireo olom-pirenena malagasy rehetra feno valo ambin' ny folo (18) taona amin' ny vaninandro hanaovana ny latsabato, izay fipetraka eto amin' ny tanim-pirenena ary mizaka ny zon' ny isam-batan' olona sy ny zo ara-politika.

II. Fanaikana ny mpifidy handatsa-bato

Navoaka ho fantavy ny besinimaro tamin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblikan' i Madagasikara mitondra ny laharana faha-2 143

tamin' ny 5 oktobera 1992 (laharana manokana) ny didimpanjakana laharana faha-92-894 tamin' ny 2 oktobera 1992 ian-tsoana ny mpifidy handatsa-bato amin' ny 25 novambra 1992 ary izany dia tsy maintsy hatao peta-drindrina any amin' ireo biraon' ny Faritany sy Fivondronampokontany ary Firisampokontany sy any amin' izay rehetra ilàna izany, mialohan' ny fanombohana ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ary hampahafantarina ny mpifidy amin' izay fomba rehetra mety hanaovana izany ka ho eo ambany fiandraiketan' ireo filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny fanatante-rahana azy.

III. *Lisitry ny mpifidy*

Ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobera 1992 mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika faha-III dia milaza fa azo avela ho dinganina ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobera 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana fa ekeny amin' izany fa azo atao ny mandray ny iray amin' ireto fomba roa manaraka ireto izay voadidy arahina amin' ny fanaovana sy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy hampiasaina amin' ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika hatao ny 25 novambra 1992.

Ny fomba voadidy arahina voalo'hany dia izay mikasika ireo fana-voazana najoron' ny Lalàm-pifidianana vaovao - isaky ny Fokontany tsirairay avy no anaovana ny lisitry ny mpifidy ka ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Firisampokontany no mikarakara izany ary ho eo ambany fanaraha-maso sy fiandraiketan' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany - (and. faha-6 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobera 1992).

Amin' io tarehin-javatra io, dia ampiharina ireo fepetra voalazan' ny Lalàm-pifidianana vaovao mikasika ny fanaovana sy ny fana-voazana ny lisitry ny mpifidy araka izay voasority ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobera 1992 ka tsy mifanohitra amin' ny an' izay voalazan' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobera 1992 (and. faha-25 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobera 1992).

Ireo fanavaozana ireo tokoa mantsy dia miteraka lahasa vaovao eo amin' ny fanavaozana tanteraka ireo lisitry ny mpifidy izay tsy maintsy mitarika ny fanaovana kara-pifidianana vaovao sy ny fano-mezana izany amin' ireo mpifidy tompony.

Ny fanomezana laharam-pisoratana ho an' ireo mpifidy misora-itra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia atao amin' ny fomba mifanesy tsara tsy misy tomika eo amin' ny ambaratongan' ny Fokontany.

Ny fomba voadidy arahina faharoa dia izay mamela handingana ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 sy ny manaraka amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobera 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana : - noho ny famelana handingana ny fepetra voalazan' ny andininy faha-6 ao amin' ny Lalàm-pifidianana, ny lisitry ny mpifidy izay nataon' ny Firisampokontany na Fivondronampokontany ary efa nanaovana fanavaozana

dia azo tazonina sy ampiasaina amin' ny fideianana Filohan' ny Repoblika, ka eo ambany fiandraiketan' ny filohan' ny delegasiona manokon' ny Fivondronampokontany.

Ireo lisytry ny mpifidy tondroina amin' izany dia mety ho lisitry ny mpifidy efa nanaovana fandravonana ary nampiasaina tamin' ny fitsapan-kevi-bahoaka natao ny 19 aogositra 1992, ireny lisytry ny mpifidy ireny dia voakasik' ilay fanavaozana manokana voadidin' ny andininy faha-26, andàlana faharoa amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 — na mety koa ho lisitry ny mpifidy izay tsy natao ny fanavaozana azy raha tsy taty aorian' io fitsapan-kevi-bahoaka voalaza io araka ny hafatrafatra nantiranterina tamin' ny alàlan' ny ira-maika laharana faha-6539-MI/SGI/DAT/AP/ELECT, tamin' ny 26 aogositra 1992, ireo lahasa fanavaozana araka izany dia tsy maintsy mitovy hatrany ary ny lisitry ny mpifidy toy izany mitovy amin' ireo izay efa nanaovana fanavaozana manokana rahateo dia tsy maintsy faranan' ny vaomieram-panjakana tarihin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany dimy andro mialoha ny vaninandro fandatsaham-bato, izany hoe ny 20 novambra 1992. Avela ho andraikitry ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ny fikarakarana izay olona ho anisan' io vaomiera io.

Satria tokoa mantsy, na ho an' ny fomba voaolidy arahina iray na koa ho an' ilay anankiray, dia ampahatsiahivina fa

1. Mpifidy, reha toe ka tsy iharan' ny fepetra voalazan' ny andininy faha-3 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pididianana, ireo olom-pirenena malagasy tsy misy avakavaka na lamy na vavy feno valin'ny folo (18) taona amin' ny vaninandro hanaovana ny lat-sabato, izany hoe teraka talohan' ny 25 novambra 1974. Ireo izay teraka tokotoxony ho tamin' ny taona T9/4 na teraka tao anatin' ny taona 1974 nefy tsy misy filazana mazava ny amin' ny vaninandro momba izeny, dia mpifidy ihany koa;

2. Ny fisoratan' ny mpitidy iray anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia miankina tamin' ny fisoratan' io mpifidy io ao amin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany anankiray. Tsy misy na iza na iza azo soratana ao amin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany mihoatra ny iray, na amin' ny lisitry ny mpifidy mihoatra ny iray, fa raha tsy izany dia iharan' ny famaizana voalazan' ny andininy faha-177 amin' ny Fehezan-dalàna momba ny fidianana;

3. Ireo miaramila dia mpifidy ka mitovy tsy misy hafa amin' ireo olom-pirenena tsotra ihany ny fepetra mikasika azy ireo amin' izany;

4. Ny tsy maha-eo an-toerana ilay olona noho ny fanaovany ny fanompoam-pirenena voadidin' ny lalàna dia tsy misakana velively ny fanoratana azy ao amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' izay misy ny tena fonenany;

Ireo fepetra voalaza ireo dia ampiharina ihany koa amin' ireo tantsambo eo am-perinasa (and. faha-8, andàlana faharoa ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041, tamin' ny 2 oktobra 1992);

5. Ireo mpianatra mahafeno ireo fepetra momba ny taona takiana ka manohy ny fianarany any ivelan' ny toeram-ponenany mandra-pahatongan' ny vaninandro 25 novambra 1992 dia tsy maintsy soratana ao amin' ny lisitry ny mpifidy amin' ilay toerana izay tena honenany.

Ampandrenesina izany tsy misy hatak' andro ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany misy ny tonenan' izy ireo :

6. Ireo vahiny efa nahazo mizaka ny zom-pirenena Malagasy dia tsy azo atao hoe mpifidy raha tsy aorian' ny fe-potoana dimy taona manomboka ny vaninandro entin' ny didim-panjakana nanekena azy ireo hizaka ny zom-pirenena Malagasy, raha tsy ohatra angaha ka misy fanapahana mifanohitra amin' izany natao teo am-pivorian' ny Governementa. Ireo fepetra ahazoan' izy ireo mifidy dia tondroin' ireo andininy faha-37 ka hatramin' ny faha-39 entin' ny Fehezan-dalana momba ny zom-pirenena Malagasy;

7. Voafaritrà mazava ao amin' ny andininy faha-3 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 ton-droina etsy ambony ireo antony mahatonga ny fahaverezan-jo ka tsy ahazoana mifidy; noho izany dia vonoina ao anatin' ny lisitry ny mpifidy ny anaran' ireo olom-pirenena voakasik' izany, na, tsy azon' izy ireo atao mihitsy ny misoratra anarana ho anisan' ny mpifidy, ho an', izay mbola tsy voasoratra;

8. Ny tsy fananana eo am-pelatànana ny kara-panondrom-pirenena dia tsy ho anisan' ny anton-javatra iray velively hisakana ny fanoratana mpifidy iray ao amin' ny lisitry ny mpifidy, na amin' ny fampiasany ny zony handatsa-bato amin' ireo fifidianana Filohan' ny Repoblika sy solombavambahoaka ho amin' ny Repoblika faha-III hatao amin' izao voalohany izao (and. faha-133 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992);

9. Ny fanomezana laharam-pisoratana ho an' ireo mpifidy misoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia atao amin' ny fomba mifanesy tsy misy tomika eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany;

10. Mandritra ny fari-potoana anavaozana ny lisitry ny mpifidy (manomboka ny 4 novambra ka hatramin' ny 20 novambra 1992), ny vaomieram-panjakana tarihin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany dia handray fanapahan-kevitra momba ny fangatahana fisoratana anarana na famonoana anarana rehetra ao anatin' ny telo andro nanaovana ny fangatahana.

Raha misy ny fanoherana, ny filohan' ny Fitsarana ambaratonga voalohany na ny Sampam-pitsarana dia handray fanapahan-kevitra haingana dia haingana araka ny fomba fomba voandidin' ny andininy faha-15 sy faha-16 ary faha-17 ao amin' ny Lalàmpifidianana, ary izany dia alohan' ny vaninandro fandatsaham-bato;

11. Ny tabilao iray fanitsiana misy ireo fanampiana sy fanesorana anarana tao amin' ny lisitry ny mpifidy izay natao avy tamin' ireo lisitry ny mpifidy tondroin' ny andininy faha-26 ao amin' ny

hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992 (afatsy ho an' Antananarivo-Renivohitra izay nisafidy ny fomba voadidy arahina voalohany) dia avoaka ho fantatry ny besinimaro efatra andro katroka mialoha ny vaninandro hanaovana ny latsabato no sady alefa any amin' izay rehetra ilàna izany, ka ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany no mikarakara izany, araka ny fepetra voalazan' ireo andininy faha-10 sy faha-11 ary faha-19 ao amin', io hitsivolana io ihany.

Marihina mazava tsara fa :

— ny tsy fision' ny filazana momba ny fiankohonana (ray sy reny niteraka) ary koa ny laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana ny kara-panondrom-pirenena ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia tsy ho zary hanohintohina velively ny fanahan-kerin' ny lisitra ; .

— tsy dia mampaninona loatra akory ny modelin' ny lisitry ny mpifidy vita piritry hampiasaina na ilay voalahatra taloha na ilay vaovao izany ;

— ireo taratasy voatonta piritry fanaovana ny fitanana antoratra momba ny raharaha-pifidianana dia misy fanovana kely natao taminy ;

— *didim-pitsarana omena hampiasaina amin' ny filidianana* : Araka ny voalazan' ny andininy faha-24 ao amin' ny didimpanjakanana laharana faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992, ny mpifidy izay hadino tsy voasoratra anarana na voavono ny anarany tao amin' ny lisitry ny mpifidy noho ny fahadisoana tsy nahy teo am-panaovana izany dia afaka mangataka ny hanomezana azy didim-pitsarana iray ataon' ny filohan' ny Fitsarana mahefa eo amin' ilay faritra misy azy na ataon' ny mpitsara voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato ary izany dia hatramin' ny andro anaovana ny latsabato.

Noho ireo fe-potoana fohy dia fohy noferana mba hanaovana ireo asa fanomanana ity fididianana ity, dia nantitranterina tsara tao amin' ilay ira-maika laharana faha-7 112-MI/SGI/DAT/AP/ELECT, tamin' ny 24 septambra 1992 fa mety ny manaraka ity fombafomba faharoa voandidy arahina ity afa-tsy ho an' ny Fivondronampokontanin' Antananarivo-Renivohitra izay misafidy ilay fombafomba voalohany amin' ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy voalazan' ny andininy faha-6 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana.

IV. — KARA PIFIDIANANA *famantarana ny mpifidy amin' ny fandandroana ny maha-izy azy*

Ny mpifidy tsirairay dia mahazo karatra iray omen' ny Fanjakana izay manamarina ny zony handatsa-bato sy ny nisoratany anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy.

Na mikasika ny fombafomba voalohany na ilay fombafomba faharoa amin' ny fanaovana ireo lisitry ny mpifidy notsiahivina etsy ambony, dia mety hisy kara-pifidianana azo hatao, raha ilaina izany, amin' ny fotoanà anaovana ny fandravonana na ny fanàvao-zana ny lisitry ny mpifidy.

Ny didim-panjakana laharana faha-92-938 tamin' ny 28 oktobra 1992, no nanondro ny modelin' ireo kara-pifidianana manan-kery. Na izany aza anefa, ireo kara-pifidianana natao araka ny modely noferan' ny didim-panjakana laharana faha-82-251 tamin' ny 27 mey 1982 dia azo hampiasaina tahaka ireo izay noferan' ny didim-panjakana laharana faha-92-938' tamin' ny 28 oktobra 1992.

Ankoatra izany, ny tsy fision' ny filazana momba ny fiankohonana (ray sy reny niteraka) nibamini' ny laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana ny kara-panondrom-pirenena dia tsy ho zary hanohintohina velively ny fananan-kerin' ny kara-pifidianana.

Mazava araka ireo fepetra voalazan' ny andininny faha-133 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 fa ny fampisehoana miaraka ny kara-panondrom-pirenena sy ny kara-pifidianana dia tsv ilaina loatra mba ahazoana mandatsa-bato. Na izany aza anefa, raha sendra mampisalasala ny amin' ny famantariana ny mpifidy iray, dia azon' izy io atao, raha misy izany, ny manamarina ny maha-izy azy, na amin' ny alalan' ny vavolombe-lona, na amin' ny alalan' ny fampisehoana miharihary ny taratasy milaza ny maha-izy azy any amin' ny (kara-panondrom-pirenena, pasipaoro, fahazoan-dàlana hitondra fiarakodia, karatra mampianatra sns...).

Ny amin' ny fomba voalohany voadidy arahiha amin' ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy, ny kara-pifidianana dia ataon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany sy soniaviny mikasika ireo lisitry ny mpifidy atao isam-pokontany.

Momba ireo lisitry ny mpifidy atao isaky ny Firisampokontany na Fivondronampokontany no sady, araka ny voalazan' ny andininny faha-26 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992, mbola azo tazonina sy hampiasaina amin' ny fifidianana Filohan' ny Repoblika, dia marihina fa.

1. Ireo kara-pifidianana natao avy amin' ny lisitry ny mpifidy hampiasaina tamin' ny fitsapan-kevi-bahoaka natao ny 19 aogositra 1992 dia manan-kery hatrany ankoatra ireo karatra hafa rehetra 'nomena tany aloha;

2. Ny lisitry ny mpifidy *nataon' ny Firisampokontany na Fivondronampokontany* ary efa nanaovana fanavaozana *taty aorian'* ny *fitsapan-kevi-bahoaka natao ny 19 aogositra 1992* ka nantitranterrina mba hatao araka ny ira-maika nataoko mitondra ny laharana, faha-6 539-MI/SGI/DAT/AP/ELECT, tamin' ny 26 aogositra 1992 dia mitarika fanaovana kara-pifidianana vaovao sy fanomezana izany amin' ny mpifidy. Ireny karatra vaovao ireny dia tsy maintsy asiana famantarana mba anavahana azy ireo amin' ireo izay hampiasaina tamin' ny fitsapan-kevi-bahoaka natao ny 19 aogositra 1992.

Amin' ny andro fandatsaham-bato, ny mpifidy voasoratra anaran' ara-dalàna ao amin' ny lisitry ny mpifidy foibe, nefo hadino tsy voasoratra tao amin' ny kopian' io lisitra voalaza io ny anaran', dia manana zo ny hangataka amin' ny manampahefana arapitondrana tompon' andraikitra ny fanomezana azy eo no ho eo ihany, taratasy iray fanamarinam-pisoratana anarana tao amin' ny lisitra foibe.

Ireo mpiasam-panjakana sy mpandraharaha amin' ny fitandroana ny filaminam-bahoaka ary ireo miaramila ao amin' ny Tafibahoaka sy Zandarimariam-pirenena manatontosa 'iraka dia mahazo mandray anjara amin' ny latsabato rahefa mampiseho ny taratasy nanirahana azy ireo sy ny karatra maha-mpifidy azy, ao amin' ny birao fandatsaham-bato misy ny toerana izay hanatontosana ny iraka nampanaorina azy ireo.

Ny fanomezana ny karatra amin' ireo mpifidy dia karakarain' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ary ho eo ambany fiandraiketan' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firaismampokontany.

Omena ny mpifidy ny karatra rahefa nohamarinina ny maha-izy azy sy soniaviny ny taratasy fizarana izany izay nasehon' ny mpandraharaha miandraikitra ny fizarana.

Amin' ny andro fandatsaham-bato, ireo karatra tsy voazara dia apetraka ao amin' ny birao ny komitim-parity ny fandriampahalemana mba halain' izay mpifidy tompony voakasik' izany.

Aorian' ny famaranana ny latsabato, dia alefan' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firaismampokontany ireo karatra tsy voazara sy tsy nisy mpaka miaraka amin' ny taratasy filazana ny anaran' ny tompony.

Raha misy fahaverezan' ny kara-pifidianana, ilay mpifidy dia tsy maintsy mampandre eo no ho eo ihany ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana izay mampahafantatra izany ny filohan' ny birao fandatsaham-bato voakasika mba hisakanana ny hošoka amin' ny fampiasana ilay karatra very no sady manome ny mpifidy tapakila naharaisana ny fanambaram-pahaverezana izay entinà manamarina koa ny fisoratan' izany mpifidy izany anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy sy ny zony handatsa-bato.

Ny mpifidy rehetra voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia manana zo handray anjara amin' ny latsabato. Raha very ny kara-pifidianany ka tsy nahazo solony na ny tapakila naharaisana ny fanambaram-pahaverezana nomen' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ara-potoana izy, dia ampy io fanamarinana ny fampisehoany ny taratasy milaza ny maha-izy zy, na ny hitondrany vavolombelona roa monina ao amin' ny 'okontany misy azy ka voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny ipifidy sy afaka manaporofa ny maha-izy azy ireo koa na fantatry ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato

FILANKEVI PIRENENA MOMBA NY FIFIDIANANA

Ny didim-panjakana laharana faha-92-895 tamin' ny 2 oktobra 1992 no mametra ny randidianana sy ny fombafomba fampandehanan-draharahan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

Noho ny famelana handingana ny fepetra voalazan' ny andininiv faha-3 entin' ny didim-panjakana voalaza etsy ambony sy mandrapametrahana amin' ny toerany ireo Andrim-panjakana rehetra ao

amin' ny Repoblika faha-III, dia mijanona hofehezin' ny didim-panjakana laharana faha-92-685 tamin' ny 13 jolay 1992, novèn' ny didim-panjakana laharana faha-92-722 tamin' ny 22 jolay 1992 hatrany ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no miandraikitra ny fanaovana andri-maso ireo raharaha rehetra atao mba hampan-deha tsara ny fifidianana amin' ny alàlan' ny fanontanian-tsafidy apetraka amin' ny vahoaka. Izy no atao antoka sy fanomezan-toky ny amin' ny hisian' ny fahamarinana tanteraka eo emin' ny latsabato sy amin' ny fizoran' ny fandatsaham-bato araka ny hitsiny tokoa.

Araka izany, dia manoro hevitra sy manampy ireo manampahe-fana izay miadidy ny fikarakarana ny fifidianana izy no sady manara-maso ny fanatanterahana an-tsakanv sv en-davany ireo asa atao mikasika ny raharahaem-pitridianana. Amin' izany, dia mahazo ny fanampian' ireo sampan-draharahan' ny Fitondram-paniakana izy ary azony atao raha misy ilàna izany ny mitondra ny raharaha eo amin' ireo manampahelana ara-pitondrana momba izay rehetra fepetra ilàna ny fidiran' ny hery mpitandro filaminana an-tsehatra.

Tompon' andraikitra eo anatrehan' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Gouvernementa ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

Araka ny voalezan' ny andininy faha-17 ao amin' ny didim-panjakana laharana faha-92-895 tamin' ny 2 oktobra 1992, dia ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manome ny fankatoavana ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) maniry handray anjara amin' ny fanaraha-maso ireo asa ho fanatanterahana ny fifidianana.

Amin' izany, dia ireo sampan-draharaha mahéfa momba izany ao amin' ny minisiteran' ny Atitany no mandinika ireo antontentaratasy fanomezam-pankatoavana ireo. Na izany aza-anefa, ireo fanapahana raisin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, dia mety azo'akarina hotsarain' ny Rantsana momba ny ady ifanolana amin' ny Fanjakana ao amin' ny Fitsarana tampony. Manapa-kevitra haingana dia haingana ity farany ity mikasika ireo fitarainana izay aroso eo aminy.

Ny Sekretera jeneralin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manao izay hisian' ny fandraisana amin' ireo departementan ny minisitera izay manampy sy miara-miasa mba hanatontosana ireo andraikitra sahanina ka ilaina ho fampizorana tsara ny fifidianana.

VI. — FILATSAHAN-KOFIDINA

A. — *Fahazoana milatsaka hofidina — Tsy fahazoana mampirafy raharaha — Fanonganana*

Izay rehetra mpilatsaka hofidina hisahana ny asan' ny Filonan' ny Repoblika dia tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy hatrany amin' ny fototra niandohany, sy mizaka ny zony sivily sy politika ary feno efapolo (40) taona katroka ahay amin' ny veninandro hanolorana ny filatsahan-kofidina.

Ankoatra izany dia tsy maintsy :

1. Mahafeno ny fepetra voalazan' ny didy aman-dalàna mikasika ny fisoratana amin' ny lisitry ny mpifidy ary manamarina fa tena voasoratra anarana tokoa ao amin' ny lisitry ny mpifidy;

2. Nahavita an-tsakany sy an-davany ny addiny teo amin' ny fandoavan-ketra ary indrindra indrindra nahaloa ireo hetra sy haba isan-karazany izay notakiana taminy tanatin' ny efa-taona farany;

3. Efa nandrotsaka tany amin' ny Tahiry ampirimam-bola sy entana ny anto-bola mitetina 25 000 000 Iraimbilanja hoentimana ny fandanianana atao'ny Fanjakana amin' ny fikarakarana ny fididianana Filohan' ny Repoblika indrindra indrindra amin' ny fanontàna pirinty ny taratasin-datsabaton' ireo mpilatsa-kuôdina. Ny fandrotsahana io anto-bola voalaza io dia raisina ao ar-in' ny fandraisam-bolan' ny Fitahirizam-bolam-panjakana na *Trésor public* (Vola miditra ankapobe) ho an' Antananarivo-Renivohitra ary any amin' ireo *Trésoreries principales* kosa ho an' ireo Fivondronampokontany hafa, ka amin' izany dia misy fanomezana taratasy filazana ny vola raisina ho şetrin' ny fandrotsaham-bola izay natao :

— na tamin' ny alàlan' ny lelavola ;

— na tamin' ny alàlan' ny sheky voamarina ara-dalàna izay natao amin' ny anaran' ny *Trésor public*.

Marihina mazava tsara fa ny taratasy filazana ny vola raisina dia atao' ny mpitanan-kaontim-panjakana amin' ny anaran' ny mpilatsa-kofidina ary tsy maintsy manondro mazava tsara ny antony anaovana ny anto-bola.

Izay rehetra mpilatsaka hofidina tsy mahazo ny folo isan-jaton' ny vato manan-kery tamin' ny vokatra eo amin' ny fihodinana voalohany amin' ny fididianana dia very zo amin' ny fanonerana ny anto-bola nataony. Ny vola azo avy amin' ireo anto-bola tsy nave-rina amin' izy tompony dia lašan ny Fanjakana ary arotsaka ao amin' ny Tetibola ankapobe.

Mikasika ny famerenam-bola dia mazava tsara ny voalazan' ilay torolàlana anetiny nataon' ny Foibem-pitondrana ny fitanan-kaontim-panjakana, mitondra ny laharana faha-92-17 G tamin' ny 20 oktobra 1992 fa izany dia atao araka ny fangatahana antsoatra atao' ilay mpametraka anto-bola na ny olona notolorany fahefana, ka ho fanamafisana ny fangatahana dia ampiarahana aminy ny taratasy fanamarinana iray avy amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana milaza ny fanesorana ny anto-bola napetraka, ary koa ny taratasy filazana ny vola raisina nomen' ny Mpitanan-kaonty tamin' ny fotoana nandrotsahana ny anto-bola. Io fametrahana anto-bola io dia miteraka zana-bola ka ny sandany dia 1 isan-jato araka ny sanda omen' ny Fanjakana amin' izao fotoana izao ho an' ireo anto-bola raisin' ny *Trésor*. Ny zana-bola dia efaina sy aloa miaraka amin' ny renivolant ny antoko eo amin' ny fotoana hamerenana izany.

'Ny asa aman-draharahan' ny Filohan' ny Repoblika dia tsy azo ampirafesina amin' ny raharaha-panjakana nahavoafidy hafa sy-

ny fisahanana asa aman draharaha hafa ary koa izay mety ho fandrahahana eo anivonà antoko na vondron' antoko politika (and. faha-9 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992).

Mahatonga ny fiongan'an' ny mpilatsaka hofidina an-kitsirano amin' ny maha-Filohan' ny Repoblika azy, ireo anton-javatra momba ny tsy fahazoana mampirafy raharaha na ny tsy fahazoana milatsaka hofidina izay hita fa tena marina tokoa no sady hitan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmparenorena fototra aorian' ny fanambarana ampahibemaso ny vokatry ny fifidianana ary na dia efa dila aza ny fe-potoana ahazoana mitsipaka ny fifidianana.

B. — *Antontan-taratasy filatsahan-kofidina*

1. Izay ho anisan' izany. —

Tsy maintsy atao sosony telo mitovy ny antontan-taratasy manambara ny filatsahan-kofidina. Ireo taratasy ampiarahina amin' dia izay efa notondroin' ny andininy faha-13 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992.

Tsy maintsy mifanaraka amin' ireo modely voafaritry ny didimpanjakana laharana faha-92-893 tamin' ny 2 oktobra 1992 mame tra ny modelin' ireo singan-taratasy sásantsasany hoforoni' izay rehetra mpilatsaka hofidina amin' ny fifidianana Filohan' ny Repoblika, ny fanambarana ny filatsahan-kofidina sy ireo fanambarana tsy misy fitaka mikasika ny hetra sy haba, ny filazana antisipiriany ny fananana ary ny karazan' ny vola miditra amin' ny mpilatsaka hofidina mbamin' ny fanekefa fa hanaja ny pepetra voalazan' ny Lalàmparenoren' ny Repoblika faha-III.

2. Loko — mari-panavahana na famantarana ireo taratasin-datsabato. —

Anjaran' ny mpilatsaka hofidina ny manondro mazava ao anatin' ny fanambarana ny filatsahan-kofidina izay loko, mari-panavahana na famantarana izay nofinidiny amin' ny fanontàna piritny ny taratasin-datsabatony.

Raha misy mpilatsaka hofidina roa na maromaro samy misafidy loko mitovy, mari-panavahana mitovy na famatarana mitovy amin' ny taratasin-datsabatony, dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmparenorena no masi-mandidy amin' ny famerana ny loko, mari-panavahana na famantarana ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy..

3. Faniorana ny antontan-taratasy. —

Ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina izay misy ny fitanisàna ny ao anatin' dia atolotra sosony telo mitovy any amin' ny flandraiketan-tsoratry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmparenorena raha ela indrindra telopolo andro mialoha ny vaninandro anaovana ny fifidianana eo amin' ny fihodinana voalohany. Misy tapakila nahraisana azy omena amin' izany.

Alefant' ny lehiben' ny mpiandraiki-tsora-pitsarana any amin' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmparenorena ireo antontan-taratasy ireo arakaraka ny nahraisana azy.

Ny sosony faharoa amin' ny antontan-taratasy isanisany dia ampitaina any amin' ny filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

4. Fanamarinana fa azo raisina ny filatsahan-kofidina sy ireo fepetra fahazoana milatsaka hofidina ho an' izay miditra amin' izany. —

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no miadidy ny fanamarinana raha toa ka azo raisina ny filatsahan-kofidina ary koa ireo fepetra fahazoana milatsaka hofidina tsy maintsy tanterahan' ny mpilatsaka amin' izany.

5. Famaranana sy famoahana ho fanta-bahoaka ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina. —

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mamarana tanteraka ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina miaraka amin' ny loko sy mari-panavahana na ny famantarana ny taratasin-datsabaton' izy ireo avy, ary izany dia fito andro raha ela indrindra aorian' ny vaninandro farany nametrahana ny filatsahan-kofidina, izany hoe ny 2 novambra 1992; tsy maintsy atao peta-drindrina ao amin' ny foiben-toerana misy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany ary avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika no sady ampahafantarina ny mpifidy amin' ny alàlan' ireo fomba rehetra indrindra indrindra amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo sy ny televiziona.

6. Raha toa ka maty ny mpilatsaka hofidina iray. —

Azo atao ny manolo ny mpilatsaka hofidina iray izay maty teo anelanelan' ny fetr' andro farany fametrahana ny filatsahan-kofidina ary dimy andro alohan' ny vaninandro anaovana ny fifidiana eo amin' ny sihodinana voalohany amin' ny misasakalina, izany hoe eo anelanelan' ny 26 oktobra sy ny 20 novambra 1992.

Koa amin' izany ny/na ireo antoko na fikambanana politika izay nanolotra ny mpilatsaka hofidina maty, dia tsy maintsy mampahafantatra any amin' ny fiandraiketen-tsoratry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ny famantarana feno ny maha-izy azy ilay mpilatsaka hofidina asolo ny maty ao anatin' ny valo amby efapolo (48) ora nitranjan' ny fahafatesana fa raha tsy izany dia maty paika andro.

Manaraka izany dia tsy maintsy atolotr' izy ireo any koa, ao anatin' ny herinandro manaraka io fampahafantarana io, ny antontan-taratasy feno voalazan' ireo andininy faha-12 sy faha-13 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992.

Ao anatin' ny valo amby efapolo (48) ora no tsy maintsy manapa-kevitra ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny amin' ny azo handraisana na tsia izany filatsahan-kofidina izany.

Ny lisitra vaovao misy ny anaran' ireo mpilatsaka hofidina dia tsy maintsy atao peta-drindrina ao amin' ny foiben-toerana misy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, avoaka ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ary ampahafantarina ny mpifidy amin' ny alàlan' ireo fomba rehetra indrindra indrindra amin' ny alàlan' ny fampielezam-peo sy ny televiziona.

Raha toa ny fampahafantarana ny mombamomba ilay mpilatsaka hofidina nasolo ny maty ka natao tao anelanelan' ny famoahana ho fanta-bahoaka ny lisitra misy ny anaran' ireo mpilatsaka hofidina sy ny fifidianana eo amin' ny fihodinana voalohany, dia ampandrenesin' ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana eo no ho eo ihany momba izany ny Gouvernementa izay hanao tsy misy hatak' andro fanapahana iray anemorana avy hatrany dimy ambin' ny folo (15) andro ny fifidianana eo amin' ny fihodinana voalohany sy amerana vaninandro vaovao anaovana ny fihodinana faharoa, raha misy izany.

Io fanapahana io dia tsy maintsy havoaka ho fanta-bahoaka amin' ny alalan' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ary ampa-fantarana ny mpifidy amin' ny alalan' ireo fomba rehetra indrindra indrindra amin' ny alalan' ny fampielezam-peo sy ny televiziona.

VII. — FANAOVANA FAMPIELEZAN-KEVITRA MOMBA NY FIFIDIANANA

Manomboka iraika amby roapolo andro (21) mialoha ny andro hanaovana ny fifidianana eo amin' ny fihodinana voalohany amin' ny (7) ora maraina ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ary mifarana efatra amby roapolo (24) ora mialoha ny andro fandatsaham-bato, izany hoe manomboka ny 4 novambra 1992 amin' ny (7) ora maraina ka hatramin' ny 24 novambra 1992 amin' ny fito (7) ora maraina.

Tsy maintsy ao anatin' ny toe-tsaina anjakan' ny fifanajana mifamaly sy ny fihavanana no izoran' ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ka tsy andrenesana mihitsy teniteny foana ho filana ady ary koa manivaiva. Izay rehetra mandika ireo fepetra ireo dia ho toriana araka ny voalazan' ny andininy faha-119 amin' ny Lalampanorenana.

Raràna mafy ary faizin' ny lalàna ny fampiasana ireo fomba nentim-paharazana zary mitarika. fametrahan-teny maringotra ny tena sy mahatonga famoretana eo amin' ny mpifidy iray mba hanjartsaham-bato ho an' ny safidy iray na ho an' ny mpilatsaka hofidina iray.

Ireo trano tivavahana sy tranom-panjakana ary trano fonenan' ny miaramila dia tsy azo ampiasaina hanaovana fampielezan-kevitra momba ny fifidianana.

Raràna izay rehetra mety ho fitokanana ofisialy mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra.

Raràna ny fampiasana ireo fananam-panjakana sy ireo fiarakodiam-panjakana mba hoenti-maneo fampielezan-kevitra.

Ny tsy fanajàna ireo fepetra ireo dia hotoriane ho toy ny fandikan-dalàna momba ny ady heloka fotsiny tsotra izao.

Mandritra izany fari-potoana izany, dia ny fepetra voalazan' ny andininy faha-33 ka hatramin' ny faha-50 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 sy ireo andininy faha-3 ka hatramin' ny faha-17 amin' ny didim-panjakana-laharana faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992 amerana ireo fepetra ampiharana ny andinindininy entin' ny hitsivolana mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika.

1. Fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra. —

Omen-dalana hanao fampielezan-kevitra araka ny fangatahana atao ny :

a. Ireo fikambanana nanaovana fanambarana ara-dalana ka ny zava-kendren' ny fitsipi-pitondrany dia miompana amin' ny fikar-karana ny ara-toe-karena sy koltoraly ary sosialy.

b. Ireo sendika na fivondronana sendika miorina araka ny lalana ka nanaovana fanambarana ara-dalana.

Amin' ny vaninandro entin' ny didim-panjakana anaikana ny mpifidy no anamarinam-pototra ny fisian' ireo fikambanana sy sendika ary antoko na fikambanana politika ireo eo anatrehan' ny lalana.

Azo omen-dalana hanao fampielezan-kevitra ihany koa izay rehetra fivondronan' olona manao fangatahana ara-dalana ho amin' izany.

Ireo fangatahana hanao fampielezan-kevitra dia atolotra ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany izay ao anatin' ny faritra iadidian' izany no anirian' ireo mpilatsaka hofidina, antoko politika, fikambanana, ary sendika hanaovana ny fampielezan-kevitra. Ny manampahefana voalaza eo ambony io dia tsy maintsy manome tapakila naharaisana izany.

Raha toa tsy nandà ny hanome ny fahazoan-dalana hanao fampielezan-kevitra, ao anatin' ny fe-potoana roa amby fitopolo (72) ora ilay manampahefana voakasik' izany, dia manan-kery avy hatrany ho toy. ny fahazoan-dalana hanao fampielezan-kevitra ny tapakila.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy misy intsony fangatahana fahazoan-dalana azo raisina na dia iray aza aorian' ny 14 novambra 1992 amin' ny misasakalina.

2. Fampielezan-kevitra amin' ny alalan' ny fampielezam-peo sy ny televiziona. —

Ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no miantoka mba ho ara-drariny ka tsy hisy tombo sy hala ny fitsinjarana ny fotoanà ahazoana miteny ao amin' ny sampam-pandaharan' ny Radio Madagasikara sy ao amin' ny Televiziona Nasionaly Malagasy na ihany koa any amin' ireo sampan-drahaharan' ny masoivohon' izy ireo any amin' ny Faritany mba ahafahan' ny mpilatsaka hofidina tsirairay mameabelatratra ny fandaharan' asany amin' ireo mpifidy.

Azon' ireo mpilatsaka hofidiana, izay manam-paniriana momba izany, atao ny mangataka mba handray anjara fitenenana ao amin' ny fandaharana voatokana ho àzy ihany koa ireo fikambanana sy sendika ary antoko na fikambanana politika izay manohana azy ireo.

3. Ny fivoriana ampahibemaso momba ny fifidianana. —

Ireo fivoriana ampahibemaso momba ny fifidianana dia tsy fehezin' ny hitsivolana laharana faha-62-017 tamin' ny 14 aogositra 1962 mikasika ny fivoriana ampahibemaso (and. 33 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anao-vana ny Lalàm-pifidianana).

Izany fivoriana izany dia ireo izay atao hihainoana mpilatsaka hofidiana iray ka raha ny tokony 'ho izy dia mahazo manatrika eo koa ny mpilatsaka hofidina sy ireo olona nomeny fahefana.

Malalaka ny fanaovana ireny fivoriana ireny rehefa nanaovana fanambarana mialoha any amin' ny Solontenam-panjakana eo amin' ilay toerana voakasik' izany. Tsy azo atao eny amin' ny lalam-bahoaka na eny an-tsena anefa izy ireny. Raha toa ka manakorontana ny filaminam-bahoaka ireny fivoriana ireny dia azon' ny Solontenam-panjakana eo amin' ilay toerana voakasik' izany atao ny mandrava na ny mampiato azy.

Tsy azo tohizana hihatatra ankoatra ny amin' ny iraika ambin' ny folo (11) ora alina ny fivoriana. Na izany aza anefa, raha tahiny eo amin' ny faritanin' ny Firaismampokontany ka somary alinalina ihany ny ora fikatonan' ireo trano falehan' ny besinimaro (toy ny trano fijerena sarimihetsika izany) dia azo halavaina hatramin' ny ora fikatonan' ireny trano falehan' ny besinimaro ireny ny fivoriana.

Mandritra ny vanim-potoam-pifidianana dia tsy maintsy ezahina mihitsy ny hanakelezana araka izay azo hatao ny fandrarana, raha misy izany, ny fanaovana fivoriana raha tsy ohatra angaha ka tena tsy mifanaraka amin' ny fitandroana ny filaminam-bahoaka mihitsy izy ireny, ary amin' izany dia tsy maintsy tandrovina kosa anefa ny fanajana ny firaism-pirenena, ny fomba aman-toetran' ny olom-banona, ny fahamendrehana ary ny fahalalam-pomba.

Satria tokoa mantsy, ireo mpilatsaka hofidina dia tokony hananteraka ny famelabelarana ataon' izy ireo, mikasika ny fandaharan' asany amin' ny mpifidy, ao anatin' ny fahalalahana tanteraka.

4. Famatsiana ara-bola ny fampielezan-kevitra. —

Ireo fikambanana mizaka zo aman' andraikitra fehezin' ny lalam-panjakana, ireo fikambanana mizaka zo aman' andraikitra fehezin' ny lalam ifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, ka ny ampahambola betsaka amin' ny renivolam-pikambanana ampiasainy dia iray na maromaro no tompony, dia tsy mahazo manao fanomezana na inona na inona, amin' ny fomba mivantana na an-kolaka, mba hoenti-mamatsy ara-bola ny fampielezan-kevitra ataon' ny antoko politika anankiray, na fikambanana anankiray, na mpilatsaka hofidina anankiray.

Tsy misy na dia iray aza, antoko politika na fikambanana izay manolotra na manohana mpilatsaka hofidina iray, mpilatsaka hofidina, mahazo mandray mivantana na an-kolaka, vola fanampiana na fanampiana ara-pitaovana avy amin' ny Fanjakana vahiny iray, nohò ny fandaniana mety ataony na inona karazan' izany na inona.

5. Fanaovana peta-drindrina. —

Toerana manokana roa karezana no ametrahana ireo taratasy peta-drindrina mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika

Izany dia ny toerana voadidy anaovana peta-drindrina izay voatondro na voatokan' ny Filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany no an' ny mpilatsaka hofidina ka atao eny amin' ireo toerana falehan' ny besinimaro matetika sady mihataka lavidavitra ny virao fandatsaham-bato ary ny toerana fanampiny izay amboarin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ka atao ao amin' ny renivohitry ny Firaismampokontany tsirairay mba ametahana ny taratasy peta-drindrina ataon' ny antoko na fikambanana politika maniry hanohana mpilatsaka hofidina iray amin' ny fifidianana Filohan' ny Repoblika.

Ireny velarana fametahana taratasy ireny dia asiâna isampandaharana ary omena ireo mpilatsaka hofidina na antoko na fikambanana politika arakaraka ny filaharan' ny fahatongavan' ny fangatahana nataony afa-tsy ny velarana laharana voalohany izay atokana ho an' ireo peta-drindrina ofisialy.

Sintonina ny sain' ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ny amin' ny tsy maintsy ametrahana mia-loha araka izay azo atao ireny toerana fanaovana peta-drindrina ireny mba ahafahana mampiasa azy raha vantany vao misokatra ny fanaovana fampielezan-kevitra momba ny fifidianana, izany hoe ny 4 novambra 1992.

6. Fanontana pirinty sy fizara na ireo antontan-taratasy momba ny fifidianana.

Mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra, dia azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay na fikambanana politika tsirairay ny mampametaka eo amin' ny toerana voadidy anaovana peta-drindrina voatokana ho azy ireo :

— taratasy peta-drindrina roa momba ny fifidianana ka ny habeny dia tsy azo atao mihoatra ny «format colombier» na ny refy 56×90 santimetatra;

— taratasy peta-drindrina roa ka ny habeny dia tsy azo atao mihoatra ny ampahan' ny «format colombier» na ny refy 28×45 santimetatra manambara ny toerana hanaovana ny fivoriana momba ny fifidianana. Ireo taratasy peta-drindrina roa ireo dia tsy azo asiâna afa-tsy ny anarana isaloran' ny mpilatsaka hofidina, ny vondrona misy azy, ny anarany sy/na ny sariny, ny vaninandro sy ny toerana hanaovana ny fivoriana ary koa ny anarana sy ny asan' ireo olona nisoratra anarana handray fitenenana, raha misy izany.

Tsy maintsy miloko hafa ankoatra ny fotosy ireny taratasy peta-drindrina ireny. Tsy voadidy handoavana hajia akory ireny taratasy peta-drindrina ireny nefà tsy maintsy ametrahana sosony mia-loha kosa araka ny voaddidin' ny lalana any amin' ireo manampahefana tompon' andraikitra na any arpin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany.

Ankoatra izany, dia azony qtao ny mampanonta pirinty sy mandefa ary mizara na mampizara amin' ny mpifidy, sokajy roa amin' ny taratasy aely mirefy 21×27 santimetatra.

Ireo antoko na fikambanana politika izay nanolotra mpilatsaka hofidina amin' ny fifidianana Filohan' ny Repoblika no miantsoroka ny lany amin' ny fanontana pirinty sy ny fampiasana ary ny fizara na ireny taratasy peta-drindrina sy taratasy aely ireny.

Na manao ahoana na manao ahoana anefa dia tsy azo atomboka alohan' ny fisokafan' ny fampielezan-kevitra amin' ny fifidianana ny fanaovana peta-drindrina sy fizarana ireny antontan-taratasy mikasika ny fifidianana ireny.

Manana zo ahazo velarana fametahan-taratasy ao amin' ny toe-rana fanampiny amboarina eo amin' ny renivohitry ny Firaismapo-kontany tsirairay ny antoko na fikambanana politika isanisany, mba ametahany ny taratasy fanohanany mpilatsaka hofidina ka mirefy 50×60 santimetatra izany.

Tsy maintsy taratasy miloko (afa-tsy ny loko fotosy sy ny fitambaran' ny loko maitso sy fotosy ary mena no tsy ao anatin' izany) no anaovana ireo taratasy peta-drindrina apetaky ny mpilatsaka hofidina sy ireo antoko na fikambanana politika.

Tsy misy peta-drindrina azo atao intsony na dia iray aza aorian' ny 24 novambra 1992 amin' ny fito (7) ora maraina.

7. Valopy ampiasaina amin' ny fifidianana. —

Tsy ampiasaina amin' ny fifidianana Filohan' ny Repoblika intsony ireo valopy teloha mirefy 145×115 milimetatra. Tsy maintsy tehirizina amin' ny toerana azo entoko izy ireny.

Ny modelin' ireo valopy ampiasaina dia tondroin' ny didimpanjakana laharana faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992. Izany akory dia tsy hafa fa ireo izay efa nampiasaina ihany tamin' ny fitsapan-kevi-bahoaka natao ny 19 aogositra 1992. Mirefy 110×115 milimetatra izy ireny.

Afatrafarana ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany mba tsy hanerinary foana fa hanangona azy ireny ary hanisa sy hitahiry izany valopy izany mba hitsinjovana ny mety mbola hampiasana azy indray.,

Raha noho ny antony bevava tsy azo anoharana, ka mety tsy hisy anefa ireo valopy voandidy ampiasaina, dia azo atao ny manolo azy ireny amin' ny valopy hafa mitovy karazana aminy ihany ka asiana ny fitomboka boribory izay an' ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voakasik' izany izy ireny amin' izany.

Asiana filazana momba io fanoloena natao io so anatin' ny fitanana en-tsratry ny raharaha-pifidianana ary etovana izany ny dimy tamin' ireo valopy nampiasaina (and. faha-84, andalana faha-5 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992).

8. Taratasin-datsabato. —

Tsy azo atao ho mari-panavahena na famantarena amin' ny taratasin-datsabato ireo mari-panavahana sy ny kisen' ny Repoblika, ary tsy azo ampitondraina ny fitambaran' ny loko telo izay an' ny sainam-pirenena (maitso, fotosy, ary mena) izy ireny.

Ankoatra izany dia ny Fanjakana no manome ireo taratasin-datsabato ary mikarakara ny fandefasana ilàlana azy ireny mandra-pahatongany hatreto amin' ny birao fandatsaham-bato, miaraka amin' ireo valopy sy ireo kojakoja momba ny latsabato ka ny 22 novambra 1992 izany raha tratra aoriania indrindra. Na manao ahoana na manao ahoana, ireo tompon' andraikitra ao

amin' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany sy Firaismampokontany ary ireo tompon' andraikitra ao amin' ny Komitim-parity ny fandriampahalemana eo amin' ny Fokontany dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ilaina mba anomezana amin' ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato ireo antontan-taratasy sy kojokoja momba ny latsabato ireo aty aloha be mihitsy ny ora fisokafon' ny latsabato. Ny didim-panjakana laharana faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992 no mamertra ny toetoetra mampiavaka ireny taratasin-datsabato sy ireny valopy ireny.

Tsy atomboka ny raharaha raha'tsy efa voapetraky ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato eo ambonin' ny latabatra voatokana ho amin' izany ireo taratasin-datsabaton' ireo mpilatsaka hofidina rehetra.

Ny tsy fision' ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray mihitsy dia mitarika ny fanafoanana ny latsabato ao amin' ny biraо fandataaham-bato voakasik' izany.

Raha sendra tny ampy intsony ireo taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina eo ambony latabatra mandritra ny fotoana izoran' ny raharahanam-pifidianana, dia atao aloha izany raharaha izany mandra-panarina io toe-javatra io.

Raha tsy ahitam-panafana mihitsy izany lesoka izany, dia foana ny fandatsaham-bato ho an' io biraom-pifidianana io.

VIII. — FANDRINDRANA SY FOMBA FIASAN' IREO BIRAO FANDATSAHAM-BATO

a. *Famaritana ireo biraо fandatsaham-bato*

Na manao ahoana na manao ahoana dia amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany no amaritana ny lisitr' ireo biraо fandatsaham-bato sy ny toerana asiana azy ireo, ka izany dia enina ambin' ny folo (16) andro alohan' ny vaninandro anaovaria ny latsabato izany hoe ny 9 novambra 1992.

Tsy maintsy avoaka ho fanta-bahoaka alohan' ny fanombohan' ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ireo didim-pitondra (ireo ianondro andro momba ny raharahanam-pifidianana). Rana misy fanitsiaria, atao, ny didim-pitondrana mifandraika amin' izany dia tsy maintsy raisina valo amby efapolo (48) ora ahay mialohan' ny andro anaovana ny latsabato ary ampahafantarina ny besinimaro amin' ny alàlan' ireo fomba rehetra.

Noho izany, dia tsy maintsy ataon' ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany, amin' ny fotoana maha mety izany, any amin' ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany izay iankinan' izy ireo, rehefa mety ho tolo-kevitra mahasoа ka ilaina mba hamaritana ireny biraо ireny.

Marihina mazava tsara fa :

— ireto trano fivavahana sy ireo tranon' olon-tsotra ary ireo trano fonenan' ny miaramila dia tsy azo ampiasaina ho biraо fandatsaham-bato.

Raha sendra ka tsy misy na dia iray aza, ao amin' ny Fokontany, trano falehan' ny besinimaro azo iafolan' ny birao fandatsaham-bato, ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ao amin' ny Fokontany dia tsy maintsy mampandre izany ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany raha vantany vao mivoaka ny didim-panjakana nanaika ny mpifidy mba ahazoan' ity farany mangataka ny ihoarana ny fampiharana ireo fepetra voataza etsy ambony ireo. Ny fangatahana famelana handingana izany fepetra izany dia alefa any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany izay mampita izany indray any amin' ny filohan' nv delegasiona manokan' ny Faritany hany tompon' andraikitra maheta ny famaritana ireo birao fandatsaham-bato sy ny toerana asiana izany.

b. *Izay ho anisan' ny birao fandatsaham-bato*

Misy filoha irav sy filoha lefitra iray ary asesera efatra sy mpitantsoratra iray ny birao fandatsaham-bato. Ho fakan-kevitra ihany ity farany raha misy fampierana ataon' ny birao.

Na inona na inona iisehoan-javatra dia mambra telo ahay ao amin' ny birao 'no tsy maintsy manatrika ao amin' ny birao fandatsaham-bato mandritra ny fotoana izoran' ny latsa-bato.

Na manao ahoana na toy inona, ireo mpilatsaka hofidina amin' ny fididianana dia tsy mahazo manao ny asan' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

Ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato dia mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra sady voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ny Fokontany.

Ny filoha sy ny filoha lefitra ary ny mpitantsoratra dia tendren' ny fivoriamben' ny Fokontany izay nantsoina nivory manokana ho amin' izany raha vantany vao nivoaka ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana iantsoana ny mpifidy. Io fivoriambe io no tsy maintsy manendry ihany koa, mandritra izany fotoam-pivoriany izany ihany, izay mpisolo toerana ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato voalaza ireo.

Amin' ny alalan' ny fanapahana ataon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany no anamarinam-pototra ny fanendrena. Raha toa ka tafahitsoka ny baika arahina amin' ny fanendrena ny filoha sy ny filoha lefitra ary ny mpitantsoratra ny birao fandatsaham-bato mbamin' izay mpisolo toerana azy ireo, noho ny tsy fisian' ny mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra, na noho ny tsy fahatrarana ny isa ilaina mba hampanan-kery ny fanapahan-kevitra ataon' ny fivoriamben' ny Fokontany, dia ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany no manao ny fanendrena, valo andro ahay mialoha ny vaninandro hanaovana ny fididianana, ireo olon-kafa mahafeno ny fepetra ilaina ka monina ao amin' ny faritry ny tany iadidian' ny Firisampokontany.

Ireo manao ahoana na manao ahoana, ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana dia tsy mahazo mampirafy rahara raha amin' ny asan' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

· Ieo sesera. —

Mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra ary voasoratra ana-rana amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ilay Fokontany no misaha-na ny raharahan' ny mpitsara mpanampy. Ieo mpitsara mpanampy sy izay mpisolo toerana azy ireo dia tendrena araka ny fombafomba mitovy amin' izay fanendrena ireo mambra hafa amin' ny birao fandatsaham-bato. Amin' ny alalan' ny fanapahana staon' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany ihany koa no anamarinam-dototra nv fanendrena azy ireo.

Raha toa ka latsaky ny efatra ny isan' ireo mpitsara mpanampy tonga manatrika eo, dia manendiv iray na maremara amin' ireo mpifidy manay mamaky teny sy manoratra sady voasoratra ana-rana amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ilay birao fandatsaham-bato ny filohan' ny biraom-pifidianana mba hisahana ny raharahan' ny mpitsara mpanampy.

d. *Fandaminana ara-pitaovana sy fomba fiasan' ireo biraom-pifidianana*

Mikasika ny fandaminana ara-pitaovana ny efitra anaovana ny latsabato sy nv fomba fiasan' ny biraom-pifidianana, dia ilaina ny fandinihena ny torolalana izay natao hampiasain' ny filohan' nv birao fandatsaham-bato sy ny manazava izany antsipiriany amin' ireo olona voatendry ho filohan' ny birao fandatsaham-bato.

Na izany aza anefa, dia tiana ny manamafy etoana fa, na inona na inona fisehoan-javatra, dia tsy maintsy atao izay hahatomombana ny fisoloan-tenan' ny mpilatsaka hofidina any amin' ireo birao fandatsaham-bato, raha misy delege manana ilay taratasy fanambarana ny fampahafantarana vita ara-dalana sy araka ny tokony ho izy izay nomen' ny mpilatsaka hofidina na ny solontenan' izy io, misolo tena azy ireo ary tsy maintsy atao ny fiarovana ny zon' ireo delege ireo.

Ary amin' izany, raha misy fandroahana na fahasamponana mahazo ny delege tompon-toerana, dia ny delege mpisolo toerana no antsoina miaraka amin' ny vava hisolo toerana azy io.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia ireo andininy faha-63 ka hatramin' ny faha-68 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamrin' ny 2 oktobra 1992 anovana ny Lalàm-pifidianana no mamaosofiaofy mikasika ireo dalegen' ny mpilatsaka hofidina ireo.

Atao sosony maromare mitovy eo no ho eo ihany sy ao anatin' ny birao tsirairay ny fitanana an-isoratra momba ireo raharaha fandatsaham-bato ka ny sosony anentiray amin' izany dia atao peta-drindrina avy hatrany et 'velan' ny biraom-pifidianana.

Ny filohan' ny bireo fer jutsahom-bato tsirairay avy sy ireo mambra ao amin' ny komit'm-parity ny fandriampahalemana any amin' ny Fokontany no tsy maintsy mikarakara haingana dia hain-gana ny fandefasana ilüana tey misy hatak' andro, ao anaty valopy mihidy sy amin' ny fomba tsoran' izay malaky indrindra, ny matoen-tsoratry ny fitenaza tsoratry miaraka amin' ireo singan-taratasy tey misy avakavete nampiasaina tamrin' ny raharaha fandatsaham-bato toetanisa ac amin' ny andininy faha-103 ao amin' ny Lalàm-pifidianana, minkeny amin' ny filohan' ny vao-niera tena miandrakitra ny fantsor-bato izay mivory ao amin' ny renivohitry ny Fivondronampotoampy.

Ny sosony fahatelo amin' ny fitanana an-tsortra dia alefa eo no ho eo ihany any amin' ny filohan ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany mba ho tan-tsortrelany.

Ny sosony fahefatra, dia ampitaina mankany amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany mba hatao peta-drindrina eo ivelan' ny biraony miaraka amin' ny fitambaran' ireo vokatry ny fifidianana azo tao amin' ny fari-piadidiany.

Misy sosony iray amin' ny fitanana an-tsortra alefa mankany amin' ny minisiteran' ny Atitany.

Ankoatra izany, ny delegen' ny mpilatsaka ho fidina tsirairay sy ny mpanara-maso tsirairay nahazo fankatoavana ara-dalana ka tonga nanatrika eo amin' ny fotoana fisariham-bato dia afaka mandika amin' ny fitanana an-tsortry ny raharaha-pifidianana izay tsy maintsy soniavin' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato, raha misy izany.

Ny isan' ny trano fitokanana apetraka ao anaty birao fandatsaham-bato dia ferana ho trano fitokanana iray ho an' ny amparaham-pifidy miisa telonjato (300).

2. Fanaraha-maso ny fifidianana.

Ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana dia milaza ao amin' ny andininy faha-69 ny fahazoan' ireo fikambanana tsy miéankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) (na avy eto amin' ny firenena izy ireny, na vahiny hafa firenena na koa iraisam-pirenena) izay mikendry ny fanandra-tana hatrany ny zon' ny mpifidy handatsa-bato no asa sahanin' izy ireo, manara-maso ny fizotry ny raharaha mikasika ny fandatsaham-bato ary izany dia hatrany amin' ny fandefasana itàlana ny fitanana an-tsortra mankany amin' ny filohan' ny voamiera tena miandraikitra ny fanisam-bato sy any amin' ny fiandraiketsortra ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana, rehefa nahazo alàlana araka ny fanapahana atao' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana izy ireny. Araka izany dia manendry mpanara-maso izy ireo, izay voafetra ho telo ny isany mitambatra raha be indrina mba hisolotena azy ireo any amin' ny birao fandatsaham-bato iray. Amin' izany rehetra izany ny mpanara-maso nekena hanao ny asany dia tsy maintsy manaja ny fepetra raikezin' ny «Dinan» ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana sy ny fanaraha-maso ny fifidianana izay atovana ao amin' ny Lalàm-pifidianana; na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana, ireo mpanara-maso dia tsy mahazo manao fanelanelânanà eo amin' ny fampandehanan' asa ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

Ny mpanara-maso tsirairay dia tsy maintsy mampiseho amin' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato ny taratasy fanamarinana avy amin' ny fikambanana nihaviany ka misy mazava ny sonian' ilay mpanome fahefana sy ny an' ilay olona nírahina samy efa voamàrina teo anatrehan' ny Lalàna.

Ny mpanara-maso teratany dia mahazo mifidy any amin' ny birao fandatsaham-bato izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany. Raha tahiny ka tsy voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidy

ao amin' io biraô voalaza io izy, dia ampiana ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia ao amin' io biraô io izay tian-ko fantatra reho- tra momba azy araka ny voalazan' ny andininy faha-70 ao amin' ny Lalàm-pifidianana miaraka amin' ny laharan' ny kara- pifidianany sy ny fanondroana marina ny biraô tena.nandatsahany vato. Araka izany dia marihina ao amin' ny fitanana an-tsonatry ny raharraham-pifidianana izany ka atcovana miaraka aminy koa ny taratasy fanamarinana voalaza etsy aloha.

Ireo mpanara-maso vahiny tena nahazo alàlana sy manana porofo marina hanao ny asa nanirahana azy ireo, dia maimaimpoana ny fanaovan-tsonia arahina fitombokase ny fidirana sy ny fitoeran' izy ireo eto Madagasikara, mandritra ny fe-potoana aharetan' izany asa nanirahana azy izany.

Antokoatra izany, mandritra io vanim-potoana io ihany koa izy ireo dia manana zo mikasika ny sata mifehy ny iraka mitcetra sy misa eto eo amin' ny saram-piantchana ny fandaliana amin' ny hotely sy ny fitaterana ary ny fanofana fiarakodia sy ny fampanaoavan- draharaha hafa.

- Eo am-panatontosana ny iraka ampanaorina azy ireny dia tsy maintsy manaja ny fitandroana ny filaminam-bahoaka sy mankatô ny didy aman-dalàna manan-kery eto amin' ny Tanim-pirenena izy.

1. Fitononantsa karatra famantarana

Ny karatra famantarana izay mirefy 120×90 milimetatra no sady misy tsipika mitsiyelana mitondra ny lokon' ny sainam-pirenena dia atonta pirinty mifanaraka amin' ireto loko lazaina manaraka ireto :

— loko maitso : ho an' ireo mambra ao amin' ny biraô fandatsaham-bato;

— loko mavokely : ho an' ireo mpilatsaka hofidina sy ireo delegen' ny mpilatsaka hofidina;

— loko mavo : ho an' ireo mpanara-maso nankatoavina hanao ny asany;

— loko manga : ho an' ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ireo manampahefana arapitondrana ary ireo mpanao gazety nahazo fankatoavana.

Ny Fanjakana no manome ireny karatra famantarana ireny ary mitovy endrika avokoa izy ireny isaky ny sokajy tsirairay avy maneranà ny Tanim-pirenena.

Araka ny voalazan' ny andininy faha-20 entin' ny didim-panjakana laharana faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992 amera na ny fepetra ampiharana ny andinindininy entin' ny hitsivolana mikasika ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika, ny fitondrana ny karatra famantarana dia voadidy atao ho an' ireo mambra ao amin' ny biraô fandatsaham-bato, ireo mpilatsaka hofidina, ireo delegen' ny mpilatsaka hofidina sy ireo mpanara-maso nankatoavina hanao ny asany, ary ireo mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ireo mpanao gazety nekena hisahana ny asany ary ireo manampahefana arapitondrana, mandritra ny fotoane aharetan' ny fandatsaham-bato.

Araka izany, dia tena zava-dehibe mihitsay ny manoritra mazava tsara etoana fa fepetra tsy azo avela io satria ahafahan' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato miantoka misimisy kokoa ny fitandroana ny filaminana ao amin' io birao voalaza io izany, ary noho izany dia hitandroana koa ny tsy an-kinafinafina eo amin' ny fizotry ny *rahraham-pifidianana*. Ary izany indrindra no anoritan' ny andininy faha-22 ao amin' ny didim-panjakananaha raha faha-92-892 tamin' ny 2 oktobra 1992 mazava tsara fa ny tsy fitondran' ireo tompon' andraikitra voatanisa etsy aloha ny karatra famantarania dia mitarika ny fandrarania azy ireo tsy hiditra mankao amin' ny birao fandatsaham-bato izay hikasan' izy ireo tsy mäntsy hisanany ny asany.

Noho izany ary, mba isorohana ny fitrangan-javatra tahaka izany dia noraisina ireto fepetra ireto :

1. Ho an' ireo mambra ao amin' ny birao-pifidianana. —

Ireo iohan' ny delegasiona manoken' ny Fivondronampokontany sy ny Firisampokontany dia tsy maintsy efa manomana dieny miafaha sahady ny fanomezana ny karatra famantarania amin' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana, na sao sendra misy ny fahasamponana mety mahazo ny mambra sasantsasany ao amin' ny birao fandatsaham-bato izay tondroin' ny lohateny VIII — b, na ihany koa sao misy fanendrena mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato araka ny voalazan' ny andininy faha-61 sy faha-62 ao amin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 ary sao sendra misy tsy fahampian' ny isa eo amin' ireo mpitsara mpanampy (asocera) ka my fanendena acesera amin' izany dia ztaon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato avy amin' ireo mpifidy mahery mampaky teny sy manoratra cry voasorore eo amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ny birao fandatsaham-bato no sady mitarika eo amin' ny fotoana fisokefan' ny birao fandatsaham-bato. Ny menampahefana afaka manao sonic sy manome ny karatra dia ny filohan' ny delegasiona manoken' ny Firisampokontany.

2. Ho an' ireo delogen' ny mpilatsaka hofidina. —

Tsara marihina fa ny fitontrana karatra famanterape voadidy atao dia toy ny karazana fepatra tsara erahina mihitsy tahaka ny fananane ny taretasy fanambarana ny fampahafantarania vita 'era-dalana avy amin' ny mpilatsaka hofidina izay soloany tena araka izay voalazan' ny andininy faha-63 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalampifidianane.

Anjaran' izy ireo nono izany ny mangestaka ny hanomezana azy ireo ny *restra famantarania* mifandraika amin' ny asa sahaniny ahy amin' ny filchan' ny delegasiona manoken' ny Fivondronampokontany.

3. Ho an' ireo mpanara-maso nahazo fankatôavana hao ny asany. —

Ny tompon' andraikitra manana fahefana hao sonia sy hanome ny karatra famantarana dia :

— ny filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianaha ho an' ny mpanara-maso vahiny iraisam-pirenena nahazo fankatoavana era-dalâna ;

— ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany ho an' ireo mpanara-maso teratany miasa ao anatin' ny Fivondronampokontany maromaro ao anatin' ny fari-piadidiana iray tarika ;

— ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ho an' ireo mpanara-maso miasa ao anatin' ny Fivondronampokontany anankiray.

4. Ho an' ireo mpanao gazety. —

Ny filohan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana no manana fahefana hao sonia sy hanome ny karatra famantarana.

5. Ho an' ireo manampahefana ara-pitondrana. —

Ny tompon' andraikitra manana fahefana hanome sy hao sonia ireo karatra famantarana dia :

— ny filohan' ny Filankevi-pireneria momba ny fifidianana, ho an' ireo manampahefana ara-pitondrana aty ifotony ;

— ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Faritany, ho an' ireo manampahefana ara-pitondrana any amin' ny Faritany ;

— ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany, ho an' ireo manampahefana ara-pitondrana ao an-toerana ;

— ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany, ho an' ireo mpandrahaharan' ny Firisampokontany sy ireo mambra ao amin' ny komitim-parity ny fandriampahalemana eo amin' ny Fokontany.

IX. — FANANGONANA SY FANDEFASANA IREO VOKATRY NY FIFIDIANANA

Tsy maintsy hañpandrênesina izany amin' ny fombà izay hain-gana Indrindra sy tena mazava ny Governementa.

Ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany sy Firisampokontany, ireo filohan' ny komitim-parity ny fandriampahaleman' ny Fokontany aty ireo filohan' ny birao fandatsaham-bato dia tsy maintsy handray, noho izany, ireo fepe-tra rehetra ilaina ho fanangonana ny vokatry ny fifidianaha, indrindra indrindra any amin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato mivory eo amin' ny renivohitrity ny Fivondronampokontany tsirairay avy, mbamin' ny fandefasana eo no ho eo ihanv ny vokatry ampahani sy manontolo izay voaangony, any amin' ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Fahetana Avom-panjakana, ny Governementa, ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana, ny ministeran' ny Atitany ary ny Faritany ary izany dia amin' ny alàlan' ny

fampitana ira-maikan' ny polisy na ny an' ny zandarimaria, na amin' ny alà'an' ny telegramma.

1. Fanangonana eny amin' ny Vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato ireo vokatry ny fideianana azo tamin' ny biraо fandatsaham-bato. —

Eo anatrehan' ireo nanao sonia sy fitanana an-tsoratra ny raharahaм-pifidianana no anitrihan' ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato ao anaty valopy izay hidina rehefa avy eo:

— ny sosony iray amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharahaм-pifidianana, miaraka amin' ny :

- sosony iray amin' ny taratasy niraketana ny fizarham-bato sy ny fanisam-bato voasonian' ny mpanisa vato;
- sosony iray amin' ny lisitry ny mpifidy efa misy ny fanamarihan-sonia ary notovanana ny sonian' ny mambra iray ao amin' ny biraо fandatsaham-bato;
- ireo vato fotsy na tsy manan-kery, ireo valopy sy taratasin-datsabato notsipahina izay nosoniavin' ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato;

Io valopy mihidy io dia alefa tsy misy hatak' andro any amin' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato ka ireo filohan' ny biraо fandatsaham-bato sy ireo mambra ao amin' ny komitim-parity ny fandriampahaleman' ny Fokontany ary ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany sy Fivondronampokontany voakasik' izany no mikarakara ny fandefasana azy io.

Ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany dia tsy maintsy manara-maso ny fandefasana eo no ho eo ihany ny vokatry ny fideianana any amin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato, arakaraka ny fahatongavan' izy ireo, ka ny valopy mihidy farany indrindra dia ho tonga any alohan' ny 2 desambra 1992 raha tratra aoriania indrindra, ary izany no atao dia mba ahazoan' io vaomiera io mamarana ny asa sahaniny ny 3 desambra 1992, izany hoe efatra amby roapolo-ora (24 ora) aorian' ny nahraisany ny valopy farany indrindra ary izy no mampita avy hatrany ireo antontan-taratasy rehetra tsy misy fahabangana any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin' ny fomba farany haingana indrindra.

2. Fanangonana ireo vokatry ny fideianana ao amin' ny biraо ny Fivondronampokontany. —

Ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato no tsy maintsy mampita sosony roa amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharahaм-pifidianana any amin' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany, izay atao anatin' ny valopy mihidy, ka ireo filohan' ny komitim-parity ny fandriampahaleman' ny Fokontany sy ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany voakasik' izany no mikarakara ny fandefasana azy io miaraka amin' ny valopy mihidy izay ho an' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato.

3. Fandefasan' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ireo vokatry ny fifidianana. —

a. *Fandefasana izany amin' ny alalan' ny telegra*

Raha vantany vao azon' ireo filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ireo vokatry ny fifidianana avy amin' ireo birao fandatsaham-bato rehetra manerana ny fari-piadidiany, dia atambany izany ary alefany any amin' ny minisiteran' ny Atitany amin' ny alalan' ny ira-maika (*message*) (izay an' ny polisy na ny zandarimaria) na, raha tsy misy ny fampitana ira-maika an' ny polisy sy ny zandarimaria, dia amin' ny alalan' ny telegra izay manondro :

— ny isan' ny birao fandatsaham-bato ao amin' ny Fivondronampokontany;

— ny isan' ny mpifidy voasoratra;

— ny isan' ny nandatsa-bato;

— ny isan' ny vato fotosy na vato maty;

— ny isan' ny vato manan-kery azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy.

Ireo ira-maika na telegra ireo dia tsy maintsy alefa tsy misy hatak' andro ihany koa any amin' ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Fahefana Avom-panjakana, ny Governemanta, ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ary ny Faritany.

Ny alin' ny andro nanaovana ny fifidianana ihany, dia tsy maintsy mampandre ireo manampahefana tondroina etsy ambony amin' ny alalan' ny ira-maika na telegra momba ireo vokatra ampahany na tsy feno voarainy ka efa natambany, ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany ary izany dia amin' ireto ora ireto : amin' ny 9 ora alina, amin' ny 11 ora alina, amin' ny 1 ora marainan' ny ampitson' iny, amin' ny 5 ora maraina.

Manomboka ny alakamisy amin' ny 8 ora maraina, dia halefa isaky ny adiny roa any amin' ireo fandefasana azy ihany ny ira-maika na ny telegra mitovy tsy misy valaka amin' izay efa natao, ary izany dia mandra-pahatapiry ny fandefasana ny vokatra farany indrindra.

Toy izao manaraka izao ny fomba firafitry ny teny atao ao amin' ireo ira-maika na telegra ireo :

Ira-maika na telegra

— Filohan' ny Repoblika, Filohan' ny Fahefana Avom-panjakana, Governemanta, Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ;

Atitany Antananarivo.

Faritany Antananarivo.

Fivondronana Antsirabe I — stop — vokatra ampahany azo tamin' birao fandatsaham-bato dimy ambin' ny folo amin' ireo enina amby enim-polo — stop — 1 000 mpifidy voasoratra — stop — 950 nandatsa-bato — stop — 5 vato fotosy sy vato maty — stop — 945 vato manan-kery — stop — X 845 — stop — Y 60 — stop — Z 40 — stop — Filohan' ny delegasiona manokana Fivondronana.

Fandefasana an-taratasy ny vokatre azo

Ny sosony iray amin' ny fitanana an-tsratratra roa momba ny raharaha-pifidianana izay nalefan' ny birao fandatsaham-bato ho an' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany dia tsy maintsy alefan' ity farany mivantana any amin' ny minisiteran' ny Atitany miaraka amin' ny :

- tabilao iray izay ahitana isaky ny Firisampokontany :
 - ny isan' ny mpifidy voasoratra,
 - ny isan' ny nandatsa-bato,
 - ny isan' ny vato manan-kery,
 - ny isan' ny vato manan-kery azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy.
- tatitra fohifohy mikasika ny :
 - fandraisan' ny mpifidy anjara tamin' ny latsabato,
 - zava-nitranga isan-karazany teo amin' ny fandatsaham-bato,
 - fiatraikan' ny fidelianana eo amin' ny toe-draharaoha arapolitika.

X. — FANISAM-BATO

Ampahibemaso no anaovana ny fanisam-bato ka ireo vaomiera izay mivory ao amin' ny renivohity ny Fivondronampokontany tsirairay avy no miandraikitra izany.

Ny filohan' ny vaomiera tsirairay dia mpitsara tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Mpitahiry ny kasem-panjakana sady Ministry ny Fitsarana, ary ankoatra izany dia ahitana mambra telo avy amin' ny delegasiona manokana ary mpiasam-panjakana telo izay samy tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny minisiteran' ny Atitany. Ny didim-pitondrana manendry ny mambra dia mety hitsinjo sahadys fano-manana dieny mialoha ihany mpisolo toerana iray na roa no sady koa aely ho fanta-bahoaka araka izay azo atao.

Tsy mahezo miara-manatrika eo ny mambra tompon-toerana sy ny mambra mpisolo toerana.

Tsy maintsy raisina izay fepetra rehetra ilaina mba ahazoan' io vaomiera io manao ny asany arakaraka ny fahatongavan' ireo antontan-taratasy na ireo valopy mihidy izay alefan' ireo birao fandatsaham-bato any aminy.

Mivory ny vaomiera rehefa nantsoin' ny filohany, ka ao amin' ny trano izay omen' ny filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany mpiasainy no anaovany izany.

Tsy maintsy omen' ity farany azy noho izany ary ny sekretaria er-teknika iray ahitana mpanoraharaha sy fanaka ary fitaovana mifanentana "amin' izany.

Ny fandaniana mifandraika amin' ny fampandehanan-draheram-pi. Ireny vaomiera tene mifandraikitra ny fanisam-bato ireny dia zakain' ny toklo mikasaka ny fandaniana momba ny fifidiana ao amin' ny tetiolam-panjakanana araka ny fandraiketen-trosa atao' ny vaomiera tsirairay.

Tsy maintsy manomboka mivory ny vaomiera raha vany vao misafarana ny latsabato izay voafetra ho amin' ny enina (6) ora hariva.

Ampahibemaso no ivorany. Koa amin' izany, dia ampahatsiahi-vina fa izay rehetra mpilatsaka hofidina na ny solontenany voatendry ara-dalana sy rehefa mety mpanara-maso nahazo fankatoavana hisahana ny asany dia mahazo manara-maso ireo raheraham-pifidianana rehetra, ny fisariham-bato sy ny fanisana ny vato any amin' ireo toerana rehetra izay hanaovana ireo esa ireo.

Tsy manana fahefana hanapaka ny amin' ny hoe mahelany na tsia ny mpilatsaka hofidina ny vaomiera (izany dia tanefan' ny Fitserana Avo momba ny Lalimpanorenana).

Ny adidiny dia ny manamarina :

- izay ao anatin' ireo valopy mihidy oy misy tombon-kase avy any amin' ireo birao fandatsaham-bato;
- ireo fikajiana samihafa nataon' ny birao fandatsaham-bato;
- ireo taratasin-datsebato nambaran' ny birao fandatsaham-bato fa vato fotsy na vato maty;
- ireo taratasin-datsabato na valopy notsepahina.

Manao fitonana an-tsonatra ireo zavatra tsapany sy hitany foto-
tra izy, indrindra indrindra ny fahadioana sy ny tsy ara-dalana
izay tsikoriny isaky ny birao fandatsaham-bato, fa tsy azony atao
kosa ny manerina na manitoz izay volotry ny fifidicnana azony.

Manana fe-potoana 24 ora izy miantomboka amin' ny naharsisana ny valopy mihidy farany avy amin' ireo bireo fandatsaham-bato mba hamitany ny esany sy hamaranany tonteraka :

- ny fitambaran' isan' irco mpifidy vao-soratra rehetra;
- ny fitambaran' isan' ny vato okena fa manan-kery;
- ny isan' ny vato manan-kery azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay.

Ireo mpilatsaka hofidina dia mahazo manatrika ny raharaha-pifidianana ka tsy misy fombafomba takiana amin' izy ireo mialoha amin' izany. Eo anilan' ny toerana nataokana ho an' ny delege no ipetrahan' izy ireo. Na izany aza anefa, dia azon' ny Filohan' ny birao fandatsaham-bato atao ny mangataka ny fanamarinana momba ny maha izy azy ireo. Tsy mahezo miara-mânatrika eo ny delege tompon-toerana sy mpisolo toerana.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia ferana *ho efatra* ny isan' ireo delege tendrena hanatrika ao amin' ny birao fandatsaham-bato iray.

Raha toa ka mohoatra io tarehi-marika io ny isan' izy ireo, dia manao fandaminana ny filohan' ny birao fandatsaham-bato mba ahazoan' izy ireo *milandomby na milanolosolo* mba ahafahan' ny delege tsirairay avy manao ny adidiny. Na oviana na oviana, tsy fision' ny fifandimbiasana dia tsy zary ankitsirano izao antony iray hanefoanana ny raharaha-pifidianana.

Ny delege dia tsy maintsy voasoratra anarana ao amin' ny iray amin' ireo lisitry ny mpifidy ao anatin' ny Fivondronampokontany. Azony atao ny mandatsa-bato ao amin' ny biraom-pifidianana izay nanendrena azy izy ka hanatontosany ny adidiny ny iraka maha-delege azy.

Raha misy ilana izany, anempy ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisisiny izay an' io biraom-pifidianana io ireo filazala-zana rehetra momba azy, miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana marina ny biraо handatsahany vato. Homarihina ao anatin' ny fitanana an-tsortra ireo raharahaм-pifidianana izany, ka atovana azy koa ny taratasy nani-rohana ilay delege.

Tsy maintsy ampahefantarina mivantana ny filohan' ny biraom-pifidianana mialoha ny fisokafan' ny latsabato ny anaran' ilay delege. Na ho an' ny tompon-toerana na ho an' ny mpisolo toe-rana, io fampahafantarana io dia tsy maintsy misy, ankostry ny antony nanirahana azy :

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy toerana nahaterahana;
- ny fonehana;
- ny laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena, ny fahazoana mamily fiarakodia na pasi-paoro;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana marina ny biraо handatsahany vato;
- ny filazana marina ny biraо fandatsaham-bato izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany.

Ny fampahafantarana izay vita sosony roa amin' ny taratasy tso-tra tsy misy hajian-ketra, dia tsy maintsy soniavin' ilay manana fahefana haniraka ny delege tompon-toerana sy ny mpisolo toe-rana azy io. Tsy maintsy voamarina eo anatrehan' ny lalana na ny sonian' ilay mpanome fahefana na ny an' ny notoloram-pahefana tsirairay ka ny solontenan' ny Fanjakana any amin' ny ambaratongan' ny Firisampokontany iray na ny lefiny no manao izany.

Ny delege dia mitondra mivantana ny sosony faharoa ny fanam-barana ny fampahafantarana ary tsy maintsy aseho ny Filohan' ny biraо fandatsaham-bato io taratasy fanamarinana io ary marihina ao anatin' ny fitanana an-tsortra ireo raharahaм-pifidianana izany.

Arovana ny zon' ireo delege ary tomombena ny fisoloan' izy ireo tena ny mpilatsaka hofidina tsirairay any amin' ny biraо fandatsaham-bato raha vantany vao mitondra ny fanambarana ny fampahafantarana are-dalana tsara sy vita araka ny tokony ho izy nomen' ny mpilatsaka hofidina ary mitondra ny karatra femanta-rana (*badge*) miloko mavokely.

Raha tos ka misy ny fandroahana na tsy fahafahan' ny delege tompon-toerana, dia ny delege mpisolo toerana no antsoina avy hatrany mba hisolo azy.

Na manao ahoana na manao ahoana ny mpanome fahefana ny mpilatsaka hofidina dia mahazo manendry delege iray vaovao mandritra ny fotoana rehetra handatsaham-bato mba hiantoka ny fisoloana ny tenany raha sendre voaroake na azon-tsampona ireo delege notinendry tany am-boaloхany. Io fanendrena io, izay lazaina am-beva amin' ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato dia

homarinhina eo anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha mikasika ny latsabato ary tsy maintsy ahitana ireo filazalezana rehetra mikasika ny delege.

Na izany aza anefa, ny tsy maha-eo ny delege iray dia tsy aha-zoana mampiato velively ny fizotran' ireo raharaha mikasika' ny latsabato na ihany koa tsy zary ho lasa vato misakana ka manafona ireo raharaha voalaza ireo ary izany dia na noho ny antony inona na noho ny antony inona.

b. Mpanara-maso ny fideidianana (andininy faha-69 ka hatremin' ny faha-72 amin' ny hitsivolanana leharana faha-92-042).

Ireo fikambanana ivelan' ny Fanjakana «ONG» (na avy eto amin' ny firenena izy ireny, na vahiny hafa firenena na koa iraisam-pirenena) mety mahazo ny fanapahana atao' ny Filankevypirenena momba ny fideidianana (CNE) dia mahazo manara-maso ny fizotry ny reharaha mikasika ny fandatsaham-bato ary izany dia hatramy amin' ny fandefasana ilàlana ny fitanana an-tsoratra mankany amin' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra fanisambato sy any amin' ny fiandraiketan-tsoratry ny Fitsarana Avo momba ny Lalampenorenana. Araka izany dia manendry mpanara-maso izy ireo, izay ho vosfetra ho *telo ny isany* mitambatra raha be indrindra mba hisolo azy ireo any amin' ny biraô fandatsaham-bato iray. Na amin' ny fomba shoana na amin' ny fomba shoana, ireo mpanara-maso dia tsy mahazo manao fanelanelanana eo amin' ny fampandehanana ny biraô fandatsaham-bato.

Ny mpanara-maso tsirairay dia tsy maintsy mampiseho amin' ny filohan' ny biraô fandatsaham-bato ny taratasy vavolombelona avy amin' ny fikambanana nihavany ka misy mazava ny sonian' ilay mpanome fahefana azy sy ny amin' ilay olona nirahina samy voamarina teo anatrehan' ny lalana. Ankoatry ny votoatin' ny irake nampanaorina azy, ny taratasy vavolombelona dia tsy maintsy manondro :

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana;
- ny fonenana;
- ny fanondroana ny fikambanana sy ny adiresy misy ny foiben-toerany;
- ny laharana sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena ho an' ny mpanara-maso teratany, na ny pasiporo ho an' ny mpanara-maso vahiny;
- ny fanondroana marina ny na ireo biraô fandatsaham-bato izay nahazoany fahefana hanaovany ny ssany;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana mazava izay biraô handatsahany vato ho an' ny mpanara-maso teratany.

Asiana filazana izany eo anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-pifidianana miraka amin' ireo fanamarihana rehetra atao' ny mpanara-maso tsirairay avy.

Ny mpanara-maso teratany dia mahazo mandatsa-bato any amin' ny iray amin' ireo biraom-pifidianana izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany. Io biraom-pifidianana io dia tsy maintsy tondroina ao anatin' ny taratasy vavolombelona (*attestation*). Eo amin' izany toe-javatra izany, dia anampy ao anatin' ny lisitra fanamarinan-tsionia eny an-tsising izay an' io biraom-pifidianana io, ireo tian-ko fantatra rehetra momba azy miaraka amin' ny laharana entin' ny kara-pifidianany sy ny fanondroana marina izay biraо handatsahany vato. Marihina eo anatin' ny fitanana antsoatra ireo raharaha-pifidianana izany ka atovana azy io koa ny taratasy vavolombelona (*attestation*).

D. Hamarinin' ny biraо fa ampy tsara ny isan' ny valopy fandatsaham-bato, ary tsy misy na inona na inona so anatin' ireny, ka apetrany eo ambony latabatra fampiriman-taratasy.

E. Hamarinin' ny biraо fa ampy tsara ny taratasin-datsabato (*bulletin de vote*).

Tsy manomboka ny raharaha-pifidianana raha tsy efa voapetraky ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato eo ambony latabatra voestokana ho amin' izany daholo ny taratasin-datsabaton' ireo mpilatsaka hofidina rehetra (and. faha-65 amin' ny hitsivolana leharana faha-92-042).

Ny fahabangan' ny taratesin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray dia mahetonga ny fanafoenana ny latsabato amin' io biraо io.

F. Sokafan' ny filoha ny vatakely fandatsaham-bato, dia zahany tsara ary asainy koa zahan', ireo membre ao amin' ny biraо sy ireo solontena nametrahama-pahefana (*délégués*) na ireo mpanaramaso ary ireo mpifidy manatrika ny fanombohan' ny latsabato, fa tsy misy taratasin-datsabato na valopy ao anatin'y.

Avy eo, dia hidiany amin' ny fanalahidy roa samy hafa ilay vatakely, ka izy no mitahiry ny fanalahidy iray, fa omeny ny asesera zokiny indrindra kosa ny fanalahidy faharoa (and. faha-87 amin' ny hitsivolana leharana faha-92-042).

Eo ambony latabatra no tsy maintsy ametrahana ny vatakely ary ampitantrehana ny Filoha, ka ampiadiana hifampijadona amin' ny latabatra ny vaven' ilay vatakely fandatsaham-bato. Amin' izay ny mpifidy dia vostery hampitsivalana ny valopy halatsany ka ho azon' ny filoha hamarinina fa valopy iray ihany no narotsany.

G. Vitaina haingana areka izay azo atao izany dia ambaran' ny filoha amin' izay fa manomboka ny fandatsaham-bato.

H. Jeren' ny filoha ny ora anombohana ny fidelianana ary dia marihiny avy hatrany ao amin' ny fitanana an-tsoratra izany (didim-panjakana leharana 92-894 tam'in' ny 2 oktobra 1992).

IV. Fizotran' ny filidianana

1. — Momba ny biraom-pifidianana

Tsy voatery hiara-mipetraka ao amin' ny efitra fandatsaham-bato avokoa ny mambra rehetra ao amin' ny birao mandritra ny fanaovana ny latsabato. Na izany aza anefy dia telo fara-fahakeliny (and. faha-60 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042) no tsy maintsy manatrika.

Raha sendra misy antony tsy meha-eo ny filohan' ny birao, dia ny filoha-lefitra, na ny zokiolona indrindra amin' ny asesera no misolo azy.

Ny asan' ny asesera dia tokony ho zaraina tsara mba samy handray ny andraikiny. Marihina fa anjaran' ny filohan' ny birao ny manao ny fandaminana rehetra, ka toy izao ny soso-kevitra azo erozo amin' izany :

- ny iray voalohany manao fijerena ny tanan' ilay mpifidy raha toa efa misy ny ranomainty tsy azo kosehina ;
- ny iray faharoa manamarina ny kara-pifidianana sy izay voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidy. Na ny « ordonnance » avy amin' ny filohan' ny tribonaly, na ny mpitsara notendrena ho filohan' ny vaomiera mpanisa vato, ka mandidy ny hanoratana ny anaran' io olona io, ao anatin' ny lisitry ny mpifidy ;
- ny iray fahatelo manamarika ny vaninandro nandatsaham-bato sy mametraka ny soniany amin' ny faritra voatokana ho amin' izany eo amin' ny kara-pifidianana ;
- ny iray fahefatra, alohan' ny handaozan' ny mpifidy ny birao fandatsaham-bato, dia manisy ny marika tsy maty kosehina (*encre indéléable*) ny ankihiben' ny tanana havian' ny mpifidy na amin' izay faritra tokony hasiana izany.

2. Fitandroana ny filaminana ao amin' ny birao fandatsaham-bato (and. faha-73) amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Ny filohan' ny birao fandatsaham-bato irey ihany no miadidy ny filaminana ao amin' ny favoriana.

Rarana mafy ny mampiditra ao amin' ny birao fandatsaham-bato ireo zava-pisotro misy alikaola sy/na ireo zava-mahadomelina.

Tsy azon' izay rehetra mitondra fadiana isan-karazany ny midi-tra ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

Tsy misy hery mitam-piadiana azo apetra ao anatin' ny birao fandatsaham-bato na manodidina ny toerana hanaovana ny favoriana, raha tsy nahazoan-dàlana.

Tandremany mba hilamina tsara sy ho tony tanteraka ary ho haingana araka izay azo atao ny fandehan' ny raharaha. Azony atao ny mandroaka hiala amin' ny toerana fandatsaham-bato izay rehetra mety hanakorontana na ahiahiana hanakorontana ny fizotry ny fandatsaham-bato.

Marihin' ny mpitan-tsoratra eo no ho eo ao amin' ny fitanana an-tsoratra ny fandroahana natao.

Ny manam-pahefana sivily sy ny mpifidy mieramila dia tsy maintsy manatanteraka ny baiko iantsoan' ny filoha azy ireo.

Alohan' ny hanaovana ny baiko fiantsoana, ny filohan' ny birao fandatsaham-bato dia tsy maintsy mifampidinika amin' ireo mambra ao amin' ny birao tandrify izany. Izay na ireo olona, fototry ny baiko fiantsoana noheverina atao dia tsy hilana hevitra raha tahiny ka mambra' ao amin' izany birao izany izy ireo.

Ny mpifidy, rehefa tafavory ao an-tokotany mifanolotra amin' ny birao fandatsaham-bato na ao amin' ny efitra fandatsaham-bato, dia tsy mahazo manao zavatra hafa afa-tsy ny fifidianana ihany.

Rarèna izy ireo tsy hiady hevitra na hikaon-doha na ao anatin' izany na aty ivelan' ny birao fandatsaham-bato (and. faha-77 amin'-ny hitsivolana laharana faha-92-041).

Ny baiko fiantsoana ataon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato dia tsy hany azo atao antony hisakanana ireo mpilatsaka hofidina na ny delegen' izy ireo sy ireo mpanara-maso nekena hanao ny asany tsy hisahana ny fanaraham-maso araka ny tokony ho izy, ny raharahaem-pifidianana, na koa tsy hampiasa ny tombom-pahefana izay ananan' izy ireo araka ny voatondron' ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika.

Raha toa ilay baiko fiantsoana ka miafara amin' ny fandroahana mpitsara mpanampy iray na maromaro, na delege iray na maromaro, na koa mpanara-maso iray na maromaro, na ihany koa mpanisa vato iray na maromaro dia tsy maintsy ataon' ny filoha tsy misy hatak' andro arak' izay voalazan' ireo rijan-tenin-dalàna sy rijan-tenin-didy amam-pitsipika manan-kery, ny fanoloana ny na ireo olona noroahina, ary izany dia atao alohan' ny hifaranan' ny baiko fiantsoana sy ny handaozan' ny manam-pahefana ny birao fandatsaham-bato.

Ny manam-pahefana izay nanao ny fandroahana ny mpitsara mpanampy iray na maromaro, na delege iray na maromaro, na koa mpanara-maso iray na maromaro, na ihany koa mpanisa vato iray na maromaro araka ny baiko fiantsoana nataon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato, dia tsy maintsy mandefa avy hatrany, aorian' ny fandroahana, fitanana an-tsoratra iray anaovana tatitra momba ny iraka nampiandraiketina azy any amin' ny Mpampanoa lalàna sy any amin' ny solontenan' ny Fanjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany voakasik' izany.

3. Olana miseho mandritry ny fifidianana

Ny birao no manapaka vonjimaika ny amin' ireo olana mitranga mikasika ny raharaha ataon' ny fitambaran' ny mpifidy na ny sampan' ireo birao fandatsaham-bato. Tsy maintsy omban' antonantony ny fanapahan-kevitra noraisina.

Tsy maintsy soratana ao amin' ny fitanana an-tsoatra ny fitaraina sy ny fanapahan-kevitra rehetra ary atovana aminy ireo singan-taratasy na taratesin-datsabato mikasika izany rehefa nasian' ny biraô sonia rango-pohy.

4. Taratesin-datsabato (bulletin de vote)

Raha toa ka tsy ahitana intsony eo ambony latabetra, ny taratesin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray na dia ao atatin' ny fotoana hanaovana ny raheraham-pifidianana aza, dia tsy maintsy aato avy hatrany izany rahareha izany mandra-panarenana io toejavatra io.

Raha tsy misy mihitry vaha-olana aza atao amin' io lesoka io, dia hofoanana ny fandatsaham-bato ao amin' io biraom-pifidianana io (and. faha-86 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

V. Ieo fepetra tsy maintsy arahin' ny isam-batan' olona handatsa-bato.

Ny mpifidy voasoratra anarana amin' ny lisitrty ny mpifidy ka manana kara-pifidianana dia mizaka ny zo handray anjara amin' ny latsabato.

Ny tenany manokana ihany anefa no tompon' ny latsabato atao ny ka tsy azony anomezam-pahefana olon-kefa na atao anaratasy ifandefasana ny fanatanterahana izany zo izany (and. faha-81 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

1. Fanamarinana ny amin' ny mpifidy

Rehefa handatse-bato ny mpifidy dia tsy maintsy manaporofy ny fananany ny zo handatsa-bato, ny kara-pifidianana no porofo voalohany indrindra amin' izany, na koa ny «ordonnance» avy amin' ny filohan' ny fitsarana, na ny mpitsara notendrena ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato (*président de la commission de recensement matériel des votes*).

Ny fampisehoana miraka ny karapanondrom-pirenena sy ny kara-pifidianana dia tsy ilaina loatra mba shafahana mandatsa-bato. Na izany aza anefa, raha misy mampishiahny mikasika ny maha-izy ny mpifidy, dia azon' ny mambra ao vaminy ihany atao raha ilaina izany, ny manao izay fanamarinana ny maha-izy ny mpandatsa-bato, ka na amin' ny alàlan' ny vavolombelona izany, na amin' ny alàlan' ny fampisehoana mibaribary izay rehetra taratasy famantarana azy any aminy (toy ny karapanondrom-pirenena, pasipaoro, fahazoan-dàlana mitondra fiarakodia, karatra mahampiantatra, sy ny sisà sy ny sisà).

Raha sendra veriny io kara-pifidianana io kaneta tsy nahazoany solony tamin' ny fotoana ilàna azy, dia azony atao ihany ny mandatsa-bato raha toa izy ka mampiseho karapanondrom-pirenena, na mitondra vavolombelona roa mahafantatra azy tsara sady monina ao amin' ny Fokontany misy azy ary samy voasoratra anarana ao amin' ny lisitrty ny mpifidy ka afaka manamarina ny

fanondroana ny tena itay very kara-pifidianana, na koa izy fantatry ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato (and. faha-56 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042). Tsy maintsy voasoratra 'ao amin' ny lisitry ny mpifidy io very kara-pifidianana io.

Ekéna handatsa-bato koa na dia tsy voasoratra aza ny anarany, ny olona nahazo didim-pitsarana avy amin' ny filohan' ny fitsarana na ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato (*magistrat désigné président de la commission de recensement matériel des votes*) izay mandidy ny hanoratana azy amin' ny lisitry ny mpifidy (*ordonnance*) (and. faha-57 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042). Amin' izany dia hatovana ao amin' ny lisitry ny mpifidy ny anaran' ilay olona ary ampiarahina amin' ny fitanana an-tsratra ny fididianana atao ilay didim-pitsarana.

Mahazo mandray anjara amin' ny latsabato toy izany koa, eo amin' ny toerana hanaovany ny asany, na amindran-toerana azy vonjimaika, ireo mpiasam-panjakana, na mpitandro ny filaminam-bahoaka, na miaramila ao amin' ny Tafi-bahoaka na Zandarimaram-pirenena, manatontosa iraka ivèlan' ny Fokontany onenany. Tsy maintsy asehony ny filohan' ny birao fandatsaham-bato eo anteerana miaraka amin' ny kara-pifidianany ny taratasy nanirahana azy na koa ny taratasy hefa mahasolo izany (and. faha-81 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Atovana amin' ny lisitry ny mpifidy ny anaran' izy ireo.

Ampiarahana amin' ny amontan-taratasy alefa any amin' ny vaomiera impanisa vato, ny taratasy fanamarinana rehetra mikasika azy io (*ordre de mission, etc.*).

Ny andro anaovana ny fididianana; izay mpifidy voasoratra aradalaña tao amin' ny lisi-pifidianana foibe (*liste électorale-mère*) nefà hadino ny anarany ka tsy voasoratra ao anatin' ireo nalaina tamin' ny lisitra mikasika ny birao handatsahany vato, dia mananjio ny anomezana azy avy hatrany taratasy iray. vavolombelona (*attestation*), manaporofo ny fisoratany anarana tao amin' ny lisi-pifidianana foibe (*liste électorale-mère*), izay ny manampahefana ara-pitondrana tompon' andraikitra ao amin' ny Firisampokontany na Fivondronampokontany no manome izany. Mahazo mandatsabato ao amin' io biraom-pifidianana io ilay mpifidy, ary ampiarahana amin' ny fitanana an-tsratra (*procès-verbal*) ny taratasy vavolombelona (*attestation*) mikasika an' izany.

2. *Ny tombafomban' ny fandraisana anjara amin' ny fididianana*

Alohan' ny hidiran' ny mpifidy ao amin' ny birao fandatsaham-bato, ny mambra iray anisan' ny birao dia manamarina mialoha ny zava-drehetra sao efa misy ilay marika tsy maty kosehina (*encré indélébile*) ny ankihiben-tanana havian' ilay mpifidy (and. faha-86 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Rehefa tafidiria ao amin' ilay effirano ny mpifidy, dia tsy maintsy manamarina ny zony handatsa-bato amin' ny alalan' ny fampissehoana ny karatra iray maha-mpifidy azy na didy iray (*ordonnance*) navoakan' ny fitsarana na ilay mpitsara voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato.

Aorian' ny fanamarinana ny maha-izy azy (*identité*) sy ny fandnihana fa voasoratra marina ao amin' ny lisitry ny mpifidy izy, dia maka sosony iray amin' ireo taratasin-datsabato rehetra mbamin' ny valopy iray foana tsy misy na inona na inona (and. faha-89 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Avy eo, raha mbola tsy mivoaka ny efitrano ilay mpifidy, dia tsy maintsy mandeha irey ao amin' ny faritra iray efa voaomana mba tsy ahitan' ny olona azy rehefa manitrika ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy izy.

Ao amin' io efitra fisainana (*isoloir*) io ny mpifidy no tsy maintsy manisika ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy satria mafina ny latsabato ary an' ny tena manokana.

Hamafisina fa tsy maintsy mankao amin' ny efitra fisainana ny mpifidy. Mandeha tsirairay amin' io efitra fisainana io. Baiko roa hentitra mihitsy ireo ka tsy maintsy hampahatsiahivin' ny filoha sy ny asesera an' ireo mpifidy tafavory ao amin' ny efitra fandatsaham-bato.

Ny filohan' ny birao dia tsy mahazo manome alàlana mihitsy handatsabato izay mpifidy tsy handeha amin' ny efitra fisainana (*isoloir*) ka manitrika ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy. Raha misy izany, dia iangaviany eo no ho eo ihany ilay mpifidy hivoaka avy hatrany ny birao fandatsaham-bato.

Io fepetra io dia ampiharina koa amin' ny mpifidy mandà ny haka sosony iray amin' ireo taratasin-datsabato napetraka eo ambony latabatra (and. faha-90 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Amin' izany rehetra izany, dia hatao ny fanamarihana izany amin' ny fitanana an-tsonatra ny raharaham-pifidianana (*procès-verbal*).

Rehefa tafavoaka ny efitra fisainana ny mpifidy dia mankeny amin' ny latabatra fandatsaham-bato.

Tsy mikasika mivantana mihitsy ny filohan' ny birao fa mizaha fotsiny raha tena valopy tokana tokoa ny eny an-tanan' ilay mpifidy. Ny mpandatsabato ihany no mampiditra ny valopim-pifidianana ao anaty vatakey.

Rehefa voamarin' ny filoha fa nahatontosa ny fandatsahany ny vatony ny mpifidy iray dia ambarany ampahibemaso izany.

Ny mpifidy fantatra sy hitia marina fa kilemaina ka tsy afaka mampiditra ny taratasin-datsabato ao anaty valopy sy handatsaka izany ao anaty vatakey, dia omen-dàlana hanondro olona fantanyy iray hanampy azy amin' ny fanatanterahana ny latsabato (and. faha-92 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Na izany aza dia tsy maintsy mankao amin' ny efitra fisainana ihany izy miaraka amin' ny olona hanampy azy, ka safidin' ilay mpifidy manana kilema no tanterahin' ilay mpanamny.

Aorian' ny fandrotsahan' ny mpifidy ny valopy ao anatin' ny vata fandatsaham-bato, dia soniaviny ny lisitra fanamarinan-tsonia

eny an-tsisingy. Raha tsv mahay manoratra izy, dia ny lavo-tondrony no apetany eo amin' ny lisitra fanamarinan-tsonia. *Eo amin' ireo toe-javatra roa ireo, dia tovanan' ny mambra iray ao amin' ny biraо fandatsaham-bato ny soniany*, isaky ny mandeha, ny an' ilay mpifidy na ny lavo-tondron' izy io eu amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia (and. faha-91 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Hamafisina fa zava-dehibe ny fametrahan' ny mambra iray amin'ny biraо tovana ny soniany eo amin' ny lisitr y ny mpifidy, na mpifidy mahay manao sonia izany na mpifidy nanao lavo-tondro. Ny tsv fanatanterahana an' io fepetra io dia mitarika fanaleha ny isam-bato azon' ny mpilatsaka amin' io biraо fandatsaham-bato io.

Hamarinin' ny mambra iray ao amin' ny biraom-pifidianana ihany koa ny fitovizan' ny sonia amin' ny lisitra fanamarinan-tsonia (*liste d'émergament*) sy ny ao amin' ny kara-pifidianana (and. faha-91 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Miaraka amin' izany koa, dia misy mpitsara mpanampy iray *fasseur* manamarika ny vaninandro nandatsaham-bato sy mamekaka ny soniany ao amin' ny taritra voatokana ho amin' izany eo amin' ny kara-pifidianana.

Mialohan' ny handaozan' ny mpifidy ny biraо fandatsaham-bato, dia asian' ny mambra iray, anisan' ny biraо, marika iray tsv maty kosehina (*encré indélébile*) ny ankihiben-tanana havian' ny mpifidy. Raha sendra mondron' izany rantsan-tanana izany, dia ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato no manapa-kevitra ny amin' ny safidy ataony amin' izay rantsan-tanana hasiana ny marika no sady mampanoratra ny filazana momba izany ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia. Izay rehetra fandavana tsv hanaraka io fombafomba io, izay atao mba hisorohana dieny mialoha ny latsabato miverimberina, dia hiharan' ny sazý voatondron' ny andininy faha-473 ao amin' ny Fehezan-dalàna famaizana. Ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato no mizaha fototra izany fandavana izany amin' ny alalan' ny fanaovana fitanana an-tsortra iray ka mandefa azy ity any amin' ny mpitsara Mpampanoa laharana; afaka izy amin' izay mikasika ny fanorahan' ireo fombafomba tondroin' ny andininy faha-128 ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka (and. faha-91 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Ny mpilatsaka hofidina na ny solontenany voatendry ara-dalàna ary izay rehetra mpanara-maso nankatoavina hanao ny asany, dia manqao zo hanara-maso ireo raharaha rehetra mikasika ny latsabato sy momba ny fisarohana ny taratasin-datsabato ary ny fanisam-bato, any amin' ireo trano rehetra anaovana izany raharaha izany, ary koa ny hitaky ny fanoratana ao amin' ny fitanana an-tsortra izay rehetra fanamarihana na fanoherana, na fitsipahana momba ireo raharaha yoalaza ireo, ary izany dia mialoha ny fanambarana ny vokatry ny latsabato, na aty aoriania.

Izay rehetra fandavana amin' ny fampiasana io zo io dia mety hiharan' ireo sazy voatondron' ny andininy faha-126 amin' ny hitsivolana leharana faha-92-042).

VI. Famaranana ny fandatsaham-bato.

Ny delegen' ny mpilatsaka hofidina, dia samy mahazo manendry mpanisa vato iray ary andraikirity ny filohan' ny biraom-pifidiana ny mandamina izany. Ora iray mialoha ny fiafaran' ny latsabato no atoloatra ny anaran' izy ireo mba hahazoana manao ny lisitry ny mpanisa vato isan-databatra alohan' ny fanombohana ny fanisam-bato:

Ny birao dia manara-maso tsara ny isan' ny mpanisa vato, mba ho ampy ny isany. Manendry mpanisa vato ny birao raha tōa ka tsy ampy izay isa ilaina ary izany dia avy amin' ireo mpifidy tonga manatrika, ka mahay mamaky teny sy manoratra (and. faha-95 amin' ny hitsivolana leharana faha-92-042). Tsy ezo alaina ho mpanisa vato ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato (*assesseur*, etc.).

'Minitra vitsivitsy alohan' ny ora voatondron' ny didim-panjakana manaika ny mpifidy fa hifaranan' ny fandatsaham-bato, dia ilazan' ny filohan' ny birao ny mpifidy fa hifarana ny fandatsaham-bato. Ary dia iangaviany ireo mpifidy rehetra tonga eo mba hiezaka ho haingankaingana kokoa.

Rehefa mipaika ny ora famaranana, ireo mpifidy rehetra efa tonga ao amin' ny birao na ao an-tokotany mifanolotra amin' ny birao raha mifefy izany tokotany izany, dia mahazo mandatsabato ihany. Koa raha vao mahavita ny latsabatony izy ireo dia ambara amin' izay fa mifarana hateo ny fandatsaham-bato.

Rehefa mifarana ny fandatsaham-bato, dia aroso ny fisarihana ny vato. Atao ampahibemaso izany fanisam-bato izany ary tsy maintsy, ao anatin' ny biracm-pifidianana no iandraiketana izany.

Ireo latabatra izay eo ambonin' izany no iasana amin' ny fisariham-bato, dia apetraka arak' izay fomba ahazoan' ny mpifidy mivezivezy manodidina ezy ireo ka tsy hanelingelina mihtisy ny esa atao' ireo mpanisa vato.

Any amin' ny birao fandatsaham-bato madinika, latsaka ny telonjato (300) ny mpifidy voasoratra, ohatra, dia latabatra iray ihany no ampiasaina amin' ny fanisam-bato dia ampy.

Ankoatra ireo mpanisa vato voalaza eo ambony ary koa raha mihoatra ny telonjato (300) ny mpifidy voasoratra anarana amin' ny biref-fandatsaham-bato iray, dia adidin' ny birao ny manendry mpanisa vitsivitsy amin' ireo mpifidy tonga manatrika ny fanisam-bato ka mitsinjara ho efatra isan-databatra.

Ny filoha sy ny mambra ao amin' ny birao no manara-maso ny fanisam-bato.

Vohana ny vatakely ary hamarinina ny isan' ny valopy hita ao anatin'y.

Raha toe, amin' ny fotopna hifaranan' ny latsabato, ka tsy any am-pelatenen' ny filohan' ny biraom-pifidieranana ireo fantsahidy roa mba hampiasainy, dia mandray izay fepetra-rehetra ilaina izy mba hahazoana mamoha avy hatrany eo anatrehan' ny besinimaro itay vata fandatseham-beto.

VII. Fiserihena ny vato

Ireo mambra ao amin' ny biraos fandatseham-beto dia manao ireto esa manareka ireto:

— fameranana ny isan' ireo mpandatsa-bato ao amin' ny lisitr' ireo fanamerinan-tsonia eny an-tsisiiny sy ny fanambarana izany.

Raha toe ka mihoatra ny isan' ny sonia mifanitsy amin' izany ny isan' ireo valopy hita tao anaty vata fandatseham-beto, dia atao antsapaka (*au hasard*) ny fanesorana ny isan' ny valopy mitovy amin' izay tafahoatra hita tao. Ho marihina ao anatin' ny fitanana an-tsonatra izany reharefa natao izany no sady hampiarahina eminy koa ireo valopy nesorina izay hotovana ny sonian' ny mambra ao amin' ny biraos ary atao ao ariaty valopy mihidy vita sonia rengo-pohin' ireto farany (and. faha-99 amin' ny hitsivolana faharana faha-92-042).

Eo amin' ny mifamadika amin' izany indray, dia tsy manan-kery izay rehetra tafahoatra tao amin' ny isan' ny sonia eny an-tsisiiny hita fototra tao noho ny isan' ireo valopy.

1. Famakiana sy fanamarihena amin' ny taratasy ny latsabato.

Eny amin' ny latabatra fanisam-bato tsirairay avy dia ny iray amin' ireo mpanisa vato no misarika ny taratasin-datsabato avy amin' ny valopy. Atokana toerana isan-tsakajiny ny valopy sy ny taratasin-datsabato.

Rehefa novelarinny ny taratasin-datsabato ka novakiany izay voalaza ao dia tsy ekombona intsony fa omeny ny mpanisa vato iray faha izay mamaky ny taratasin-datsabato nofidianana ka atsitokotony araka ny lokon' ny taratasin-datsabato.

Mpanisa vato roa no manamarika amin' ny taratasy fanamarihena-datsabato iray avy ny vato vosantso (*feuille de dépouillement*).

Tsara empahatsiahivina fa ny fanisana vato dia tokony atao tmidimify ka ny fomba fanamarihana dia atao toy ny mahitsizoro misy savazoro iray (ohatra: ☐ ☐ ☐ ☐).

Raha misy taratasin-datsabato meromaro ao anaty valopy iray, ka:

a. Miloko samihafa ireo taratasin-datsabato ireo: dia maty ny latsabato;

b. Raha mitovy daholo ny lokon' ireo taratasin-datsabato dia manan-kery ny latsabato, saingy raisina ho vato tokana ihany izany.

Ireo vato fotosy na tsy feno ny fanondroana raiketiny, na nasian' ny mpandatsa-bato ahafantarany ny tenany ireo taratasin-datsabato hita tao anaty vatakely nefà tsy misy valopy na koa natao tao anaty valopy tsy ara-dalàna mbamin' ireo valopy foana, ireo taratasin-datsabato na valopy misy marika famantarana ao anatiny na eny ivelany, ireo taratasin-datsabato na valopy ahitana endri-javatra, sary na soratra enti-manompa dia tsy isaina amin' izay vokatry ny fanisam-bato (and. faha-98 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Ireo taratasy eo ambony ireo, rehefa nosoniavin' ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato, dia tsy maintsy alefa ho an' ny vaomiera mpanisa vato ankapobe irery ihany ka atao tovana ny fitanana an-tsoratra. Tsy maintsy misy ny filazana ireo antony nampiarahana azy amin' ny fitanana an-tsoratra tsirairay avy amin' ireo taratasin-datsabato natovona azy izany.

Rehefa vita ny fanisam-bato, dia hamarinin' ny mpanisa vato ny fifanarahan' ny taratasy fanamarinan-datsabato ny isan' ny taratasin-datsabato araka ny lokony avy. Avy eo, dia atolony ny mambra eo amin' ny birao ireo taratasy fanamarinan-datsabato mampisalasala mbamin' ireo valopy nampiasaina. Soniavin' ny mpanisa vato (*scrutateur*) ny taratasy fanamarihan-datsabato (*feuille de dépouillement*).

2. Reheraha atao eo amin' ny birao fandatsaham-bato.

Ny birao no manapeka vonjimaika ny herin' ny taratasin-datsabato mampisalasala.

Tsy maintsy lazain' ny birao tsara ao anaty fitanana an-tsoratra ny isan' ny :

- valopy hita tao anaty vatakely fandatsaham-bato;
- valopy misy taratasin-datsabato tsy misy soratra na tsy ampy fanondroana;
- valopy foana tsy misy taratasin-datsabato tao anatiny;
- valopy na taratasin-datsabato misy marika hifankahalalana eo anatiny na eo ivelany, na koa misy teny ratsy;
- valopy nisy taratasin-datsabato samihafa tao anatiny;
- valopy na taratasin-datsabato tsy manan-kery noho ny antony hafa

Ireo taratasin-datsabato na valopy voalaza eo ambony ireo ka ambara fa maty na tsy ekena, dia tsy maintsy ampombaina atao tovan' ny fitanana an-tsoratra miaraka amin' ny filazana ny antony nanafoanana azy tsirairay avy, na miaraka amin' izay fanapahana momba izany.

Tsara ny mampahatsiahy fa ny adidin' ny biraom-pifidianana dia manao ny fikajiana ny tene vato azo sy manambatra izany ary mamarana ny isam-bato azon' ny mpilatsaka tsirairay avy.

Ireo vokatra nofararanan' ny biraom-pifidianana dia sady tsy tena raikitra no tsy tena ofisialy koa. Ny fikajiana ny vato azo sy ny fanatambarana ny vato azon' ny mpilatsaka tsirairay avy dia aroso hohamarinin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato (*commission de recensement matériel des votes*).

Na izany aza anefa, rehefa vita ny fanatambarana ny vato farany, dia tsy maintsy ambaran' ny filohan' ny biraom-pifidianana ampahibemaso ny vokatry ny fidianana araka ny fisarohana ny vato tao amin' io biraom-pifidianana io (and. faha-101 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana kosa no manao ny fanambarana ampahibemaso ny vokatra ofisialy.

Ny valopim-pifidianana nangonin' ireo mpanisa vato ka natolony ny birao dia tsy maintsy fatorana amin' ny tadikely ary atolony izay olona mpanangona ny antontan-taratasis-pifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato. Ity farany kosa no manome ireo valopim-pifidianana voaangona an' Andriamatoa filohan' ny delegasiona manokan' ny Fivondronampokontany izay mitahiry azy amin' ny toerana maina azo antoka mba ampiasaina indray amin' ny fidianana manaraka.

VIII. *Ny fitanana an-tsoratra ny raharaha natao* (and. faha-101 sy ny manaraka entin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992).

Ny filohan' ny birao; ampiant ny mpitan-tsoratra no manao ampahibemaso eo anatrehan' ny mpifidy ny fitanana an-tsoratra ny raharaha-pifidianana natao raha vantany vao vita ny fanisam-bato.

Atao sosony maro ny fitanana an-tsoratra.

Ankoatr' izany, ny delegen' ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy sy ny mpanara-maso isanisany nekena hanao izany asa izany ka tonga manatrika eo amin' ny fotoana hanaovana ny fisarham-bato dia mahazo mandika kopja avy amin' ny fitanana an-tsoratra ny raharaha-pifidianana izay tsy maintsy kosa soniavin' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato, raha misy ilana izany (and. faha-104 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042).

Ny fitanana an-tsoratra dia atao amin' ny taratasy vita pirinty omen' ny Fanjakana.

Tsy maintsy lazaina ao :

- ny andro, volana, taona ary ora nanombohana sy namaranana, ny latsabato;
- ny laharana sy vaninandro entin' ny didim-panjakana manaike ny mpifidy;
- ny anaran' ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato;
- ny isan' ny mpifidy voasoratra anarana;
- ny isan' ny mpifidy nandatsabato;

- ny isan' ny taratasin-datsabato sy valopy tsy manan-kery;
- ny isan' ny vato manan-kery;
- ny anaran' ireo mpanisa vato;
- izay zavatra nitranga rehetra nandritra ny fizotry ny rahraham-pifidianana ary ny fanapahana rehetra nataon' ny birao momba izay zava-nitranga ka ampiarahina amin' ny antony nanaovana azy io.

Marihina fa ny sosony rehetra amin' io fitanana an-tsonatra io dia tsy maintsy soniavin' ny mambra telo (3) ahay anisan' ny birao fandatsaham-bato (and. faha-103 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-042) ary indrindra indrindra ny filohan' ny biraom-pifidianana.

Ny solontenan' ny delege dia aseina ihany koa manao sonia io fitanana an-tsonatra io, hamarinina anefa fa tsy fombafomba tsy maintsy tanterahina izany (and. faha-103 entin' ny hitsivolana laharana faha-92-042 tamin' ny 2 oktobra 1992).

IX. Fandefasana ny vokatry ny latsabato.

Rehefa vita ara-dalàna ny fitanana an-tsonatra (*procès-verbal*) ary vita sonian' ireo olona voatondro rehetra hanao izany.

a. Ny sosony iray : atao peta-drindrindra avy hatrany eo amin' ny birao fandatsaham-bato ;

b. Ny sosony faharoa : eo anatrehan' ny olona nanao sonia ny fitanana an-tsonatra no anaovan' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato ao anaty valopy lehibe (*grand format*) ilay sosony faharoan' ny fitanana an-tsonatra (*procès-verbal*) miaraka amin' ireto antontan-taratasy ireto izay tsy maintsy atovana (*annexé*) amin' io antontan' ny sosony faharoan' ny fitanana an-tsonatra io.

1. Lisitry ny mpifidy misy sonia, na tondron-tanan' ny mpifidy, ary tovanan' ny mambra iray ao amin' ny birao fandatsaham-bato ny soniany (*contresigné*) ;

2. Ny taratasy fanisam-bato (*feuille de dépouillement*) voasonian' ny mpanisa vato (*scrutateurs*) ;

3. Ny vato fotosy na tsy manan-kery vita sonian' ny mambran' ny birao ;

4. Ny valopy mbamin' ny taratasin-datsabato tsipahina vita sonian' ny mambran' ny birao ;

5. Ny ordonnance avy amin' ny filohan' ny tribonaly, na ny mptsara voatendry ho filohan' ny vaomiera mpanisa vato ;

6. Ny taratasy nanome alàlana ny delege na ny mpanara-maso teratany hiasa ao amin' ny bireo fandatsaham-bato izay nahazoany hifidy ;

7. Fanamarinana milaza ny fanoratana anarana tamin' ny lisi-pifidianana foibe (*liste mère*) nefa adino ka nahazoana nify tamin' io biraom-pifidianana io;

8. Ny taratasy nanirahana (*ordre de mission*) an' ireo mpiasampanjakana na mpitandro ny filaminana na miaramila nanatontosa iraka ivelan' ny Fokontany onenany;

9. Ny taratasy fanamarihana samihafa nataon' ny mpifidy, na ny delege, na ny mpanara-maso (fanamarihana, fanoherana, fandavana).

Rehefa voamarina tsara fa ao daholo ireo antontan-taratasy voatsiaby etsy ambony ireo, ary tafiditra tsara so anatin' ilay valopy lehibe (*grand format*) dia :

a. Asiana dinty (*colle*) ny valopy :

b. Eo amin' ny molotra fisokafan' ny valopy dia asiana sonia rango-pohy (*paraphes*) ireo mambra so amin' ny birao fandatsaham-bato, ary raha ilaina, dia ireo solontena delege sy ireo mpanara-maso no manao izany koa;

d. Ny molotry ny valopy izay efa nopenahana dinty sy nakatona toy izany ary vita sonia rango-pohy ihany koa, dia rakofana amin' ny ribà miraikitra sady tantera-pahazavana (*scotch*);

e. Ny sosony fahatelo sy fahefatra;

f. Ny fitanana an-tsoratra iray fahatelo alefa avy hatrany amin' ny filohan' ny delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany ho tantsoratr' ela (*archives*).

Ny fitanana an-tsoratra iray fahefatra, dia alefa avy hatrany ihany koa amin' ny filohan' ny delegasiona manokana avy amin' ny Fivondronampokontany mba ho alefany any amin' ny minisiteran' ny Atitany (*Service des Affaires politiques*):

g. Ny sosony fahadimy :

— hapetraka any amin' ny delegasiona manokan' ny Firisampokontany, mba hatao peta-drindrina miaraka amin' ny vokatry ny fifidianana rehetra eo amin' ny faritra rehetra misy ezy.

X. *Fanamarihana lehibe.*

a. Ny filohan' ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy sy ny mambra amin' ny komitim-paritra miadidy ny fandriampahalemana (*comité local de sécurité*) any amin' ny Fokontany no mandefahaingana tsy misy hatak' andro an' io valopy lehibe mihidy io misy an' ireo antontan-taratasy rehetra tsy misy avakavaka voalaza eo amin' ny toko IX, andininy b, tamin' ity torolàlana ity, any amin' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin' ny renivohitry ny Fivondronampokontany (*commission de recensement matériel de vote*). Raha toa ka misy ilàna izany, dia ny Firisampokontany no miandraikitra ny fandrindrana (*coordination*) ny fandefasana an' io valopy io.

Toy izao ny adiresy atao amin' ny valopy :

« Monsieur le Président de la commission de recensement matériel de vote du Fivondronampokontany... »

Eo ambany fanaraha-maso akaiky ny Firaismampokontany, ny Fivondronampokontany ary ny Faritany tsirairay avy ny fandefasana an' io valopy lehibe mihidy misy vokatry ny latsabato io any amin' io filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato (*président de la commission de recensement matériel de vote*) ary tompon' andraikitra amin' izany izy ireo.

b. Hamafisina farany etoana fa ny tsy fandefasana an' ireto antontan-taratasy ireto any amin' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato (*commission de recensement matériel de vote*) dia mahatonga ny fanafoanana avy hatrany ny fifidiana amin' io birao fandatsaham-bato io, dia :

1. Ny kopia iray amin' ny lisitry ny mpifidy efa misy ara-dalàna ny sonian' ireo mpifidy ery an-tsisingy na ny tondro-tanany ka notovanana ny sonian' ny mambra iray ao amin' ny birao;

2. Ireo ravin-taratasy momba ny fisariham-bato sy fanisana izany (*feuille de pointage du dépouillement*) izay nosoniavin' ireo mpanisa vato (*scrutateurs*);

3. Ireo vato fotosy na tsy manan-kery efa vitan' ireo mambra ao amin' ny birao sonia rango-pohy ara-dalàna;

4. Ireo valopy sy taratasin-datsabato notoherina ka vitan' ireo mambra ao amin' ny birao sonia rango-pohy ara-dalàna, raha misy izany;

5. Ny fitanana an-tsoratra momba ireo raharahan-pifidianana nosoniavin' ireo mambra ao amin' ny birao (telo ahay farafahara-tsiny);

6. Ireo fanampiana natao tamin' ny lisitry ny mpifidy dia tsy maintsy ampiarahina ny singan-taratasy fanamarinana rehetra (*pièces justificatives*).

XI. *Famaranana*

Misy ireo andininy (*articles*) sasantsasany amin' ny hitsivolana na didim-panjakana tokony ho fantatr' ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato dia :

— ny andininy faha-32 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992, mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana;

— ny andininy faha-117, faha-125, faha-126, faha-127, faha-128 ary faha-130 amin' ny hitsivolana tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana.

*Ny Minisitry ny Atitany,
Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.*

Imprimerie Nationale — Antananarivo. *Dépôt légal*: Novembre 1992.
4^e trimestre. Tirage : 16 274 exemplaires [5 704-92]

Tranopirintim-pirenena — Antananarivo. *Vontolotra era-dalana*:
Novembre 1992. telovolana fahefetra. Isan' ny natonta : 16 274[5 704-92]

